كتاب

# مؤتمر علماء بغداد

تاليف

المؤرخ الثقة الجليل ابى الهيجاء شبل الدولة

مقاتل بن عطية بن مقاتل البكرى نسبا الحنفى مذهبا

**Boky**

# FIVORIAN'IREO MANAM-PAHAIZANA TAO BAGHDAD

**(Ady hevitra teo amin'ny sounnah sy ny shianh)**

**Nadikan'ny cheikh Salim Ma'arouf**

**(Volana Safar 1442H./2020)**


قام بطبعه ونشره

الحاج السيد هداية الله المسترحمى الاصفهانى

الجرقولى

الطبعة الرابعة

Daroul-hikmah

Ambohidratrimo

دار الحكمة

# FIVORIAN'IREO
# MANAM-PAHAIZANA



**المترجم سالم معروف**

**Mpandika teny: cheikh Salim Ma'arouf**

**مؤتمر علماء بغداد**

# Fivorian'ireo manam-pahaizana tao Baghdad

**بسم الله الرحمن الرحيم**

الحمد لله وحده والصلاة والسلام على من بعث رحمة الله للعالمين محمد النبي العربي وآله الطيبين الطاهرين وعلى أصحابه المطيعين.

Ity boky ity dia mitondra ny lohateny hoe : “**Fivorian’ireo manam-pahaizana tao Baghdad**[1]”, fivoriana nahitana ady hevitra nifanaovan’ny sounnah sy ny shianh, izay notarihin’ilay mpanjaka lehibe iray antsoina hoe **Shah Saldjouki**, teo ambany fiahian’i **Nidhàm al-Moulk** izay manam-pahaizana lehibe no sady minisitr’ilay mpanjaka; ka toy izao manaraka izao ny tantara mikasika izany:

Ilay mpanjaka Shah dia mpino silamo sounnah, fa tsy mba olona mpitompo teny fantatra amin’ny fanarahana ny finoan-drazana izay tsy misy porofo. Izy dia mpanjaka tanora, mahay mandray olona, mitia ny fahalalana sy izay manam-pahalalana, fa etsy andaniny koa izy dia tanora raiki-pitia amin’ny filalaovana sy rendrarendra ary tia miala voly amin’ny alalan’ny fihazana.

Nidhàm al-Moulk, ilay minisitry ny mpanjaka kosa dia olon-kendry sy manan-kaja, tsy mitia ny rendrarendram-piainana, tsy mivadika amin'ny fanapahan-keviny, mitia ny asa soa sy izay manao izany, tia mikaroka ny fahamarinana ary manam-pitiavana lehibe an’ireo Ahl al-Bayt (a.s) Fianakavian’ilay Mpaminany (s.a.w). Izy dia nanana sekoly tao Baghdad izay antsoina hoe “**Madrassah Nidhàmiyah**”. Nomeny karama manokana isam-bolana ireo manam-pahaizana, ary tena nanana fihantrana an’ireo mahantra sy ireo marefo ara-pivelomana izy.

[1] Baghdad dia tanàn-dehibe iray ao Irak.

## Resaka nifanaovan'ilay mpanjaka sy ireo tandapany

Indray andro, nisy olona iray izay anisan'ireo manampahaizana lehibe eo amin'ny shianh, antsoina hoe Houssein Ibn Ali no tonga tao amin'ilay mpanjaka Shah … fa rehefa nivoaka avy tao amin'ilay mpanjaka izy dia nisy tamin'ireo tandapa sasany no nanesoeso sy nanao tondro molotra azy. Nahatsikaritra izany ilay mpanjaka dia nanontany nanao hoe: « Nahoana ianareo no manesoeso azy toy izao ? »

Fa namaly ny olona iray nanao hoe: « Tsy hainao ve, ry mpanjaka fa izy iny dia olona "kàfir"[2] izay notezeren'i Allah sy nozoniny ?! »

Tamin'ny fahagagana no nitenenan'ilay mpanjaka nanao hoe : «Fa nahoana izany ? F'angaha izy iny tsy anisan'ny silamo ?»

Namaly ilay olona hoe: « Tsia, fa olona shianh izy iny. »

Nanontany ilay mpanjaka hoe: « Inona moa no atao hoe "shianh" ? F'angaha ireo shianh tsy anisan'ny "mazh'hab"[3] iray amin'ireo mazh'hab islamika ? »

Namaly ilay olona hoe: « Tsia a! Ireo shianh dia tsy mba manaiky ny fitondran'i Abou Bakr sy i Omar ary i Othman. »

Nanontany ilay mpanjaka hoe: « Moa ve misy silamo tsy manaiky ny fitarihan'ireo olona telo ireo any ho any? »

Namaly ilay olona hoe: « Eny ry mpanjaka, dia ireo shianh ireo izany! »

---

[2] Mpanohitra an'Andriamanitra.

[3] Antokom-pinoana.

Fa mbola nanontany ilay mpanjaka hoe: « Raha toa izy ireo ka tsy manaiky ny fitarihan'ireo "swahaba"[4] telo ireo, dia nahoana ny olona no mbola miantso azy ireo ho mpino silamo foana? »

Namaly ilay olona hoe: « Izany indrindra no antony ilazako aminao ry mpanjaka, fa izy ireo dia olona kàfir ! … »

Ary dia nitanondrika ilay mpanjaka sady lasa eritreritra naheno izany, fa avy eo izy dia niteny hoe: « Tsy maintsy hantsoiko i Nidhàm al-Moulk izay minisitro, mba hijerena mazava tsara ny mikasika an'ity raharaha ity. »

## Resaka nifanaovan'ilay mpanjaka sy ilay minisitra mikasika ny sounnah sy ny shianh

Koa dia nampiantso an'ilay minisitra ny mpanjaka, ka nanontany azy mikasika an'ireo shianh, moa ve izy ireo dia silamo tokoa sa tsia.

Nilaza taminy ilay minisitra nanao hoe: « Mifanohitra ireo sounnah mikasika azy ireo, fa misy amin'ireo mazh'hab sounnah no milaza azy ireo ho silamo noho izy ireo manaiky ny fanaovana "shahadatayne"[5], sy manao swaom, ary mandeha manao hajj; nefa misy antokon'izy ireo hafa koa no milaza an'ireo shianh ireo ho kàfir. »

Nanontany ilay mpanjaka hoe: « Miisa firy moa izy ireo? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Tsy dia haiko loatra ny tena isan'izy ireo fa kosa eo ho eo amin'ny antsasaky ny silamo eo. »

Nanontany ilay mpanjaka: « Koa moa ve ny antsasaky ny silamo dia ho kàfir avokoa?! »

---

[4] Sakaizan'ilay Mpaminany (s.a.w)

[5] Fanekem-pinoana anankiroa.

Namaly ilay minisitra: « Ireo manam-pahaizana sasany dia mahita azy ireo ho kàfir; fa izaho kosa dia tsy mahita azy ireo ho kàfir velively! »

Dia hoy ilay mpanjaka hoe: « Moa ve ianao ry minisitro, afaka mba hampivory eto anatrehantsika ireo manam-pahaizana amin’ny andaniny sy ankilany ka hahitantsika mazava an’ity raharaha ity? »

Namaly anefa ilay minisitra hoe: « Raharaha sarotra izany ry mpanjaka! Ary izaho dia matahotra ny aminao sy ny amin’ny fanjakanao!»

« Fa nahoana? », hoy ilay mpanjaka.

Dia hoy ilay minisitra hoe: « Satria ity raharahan’ny shianh sy ny sounnah ity dia tsy raharaha tsotra fa raharaha mikasika ny fahamarinana sy ny fahadisoana, efa nisy ràn’olona maro no nandriaka mikasika izany, ireo birao sy tranom-boky dia nodoroina, vehivavy maro no nobaboina tamin’izany, ary maro koa ireo boky mirakitra fahalalana samihafa momba izany no nosoratana, imbetsaka nitranga ny ady noho ity raharaha ity!! »

Talanjona ilay mpanjaka tanora amin’ity raharaha mahagaga ity. Nitanondrika izy, lasa eritreritra, avy eo dia niteny nanao hoe: « Ry minisitro, ianao no mahalala noho izaho fa i Allah dia nanome antsika fahasoavana amin’ny alalan’ity fanjakana lehibe ity sy ireo miaramila maro, ka tsy maintsy isaorantsika an’i Allah izany fahasoavana izany. Koa ny fankasitrahana sy ny fisaorantsika an’i Allah dia ny fikarohantsika an’ilay fahamarinana sy fanoroantsika làlana an’izay very mba hanaraka ny làla-mahitsy; satria tsy maintsy marina ny anankiray amin’ireto mazh’hab roa ireto fa ny iray kosa dia diso. Tsy maintsy ilaina koa ny mahafantatra ny marina mba harahintsika sy mahalala ny diso ka ialantsika. Koa raha azonao atao ry minisitro, dia manomàna ianao fivoriana toy izany, ka antsoy ireo manam-pahaizana shianh sy ny sounnah miaraka amin’ireo

miaramila manam-boninahitra sy ireo mpanoratra ary ireo manam-pahefana rehetra, fa raha hitantsika fa ao amin'ireo sounnah no misy ny fahamarinana dia hoterentsika ireo shianh mba hanaraka ny mazh'hab sounnah. »

Fa hoy ilay minisitra hoe: « Raha toa ka tsy manaiky ny hiditra ao amin'ny mazh'hab sounnah ireo shianh dia inona no hataonao ry mpanjaka? »

Namaly ilay mpanjaka tanora hoe: « Vonointsika izy ireo! »

Niteny ilay minisitra hoe: « Mety ve ny mamono ny antsasaky ny silamo? »

Namaly ilay mpanjaka hoe: « Inona àry no vahaolana? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Ny vahaolana dia avelao any ity raharaha ity! »

Vita teo ny fifampiresahana teo amin'ilay mpanjaka sy ilay minisitra hendry sady manam-pahaizana, fa kosa ilay mpanjaka nony tamin'iny alina iny dia lasa eritreritra sy niasa saina no sady tsy nahita torimaso mandra-maraina, fa ahoana hoy izy anakampo no tsy nanaraka ny baikony ilay minisitra mikasika ity raharaha goavana ity. Rehefa ny ampitso vao maraina dia niantso an'ilay minisitra ilay mpanjaka ka nilaza taminy nanao hoe: « Izao isika dia hampiantso ireo manam-pahaizana amin'ireo mazh'hab roa ireo ary hojerentsika eo amin'ny fifampiresahan'izy ireo, iza amin'izy ireo no manaraka ny fahamarinana, fa raha hitantsika ny fahamarinana ao amin'ireo mazh'hab sounnah dia antsointsika ireo shianh amin'ny alalan'ny fahendrena sy fananarana mahafinaritra ary amporisihintsika izy ireo amin'ny fanomezana tombontsoa manokana amin'ny alalan'ny harena sy toeram-boninahitra sahala amin'ny nataon'ilay Irak'i Allah (s.a.w) tamin'ireo olona mbola tsy ampy finoana; koa amin'ny alalan'izany isika dia hahavita ny fikarakarana ny finoana islam sy ireo mpino silamo. »

Nilaza ilay minisitra nanao hoe: « Tsara ny hevitrao fa kosa izaho dia manana fahatahorana mikasika an'ity fivoriana ity. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana ianao no manana fahatahorana? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Matahotra aho tena marina satria sao dia ireo shianh no handresy an'ireo sounnah ary ny porofon'izy ireo no hatanjaka mihoatra ny antsika, ka manjary hanana fisalasalana ny vahoaka!»

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Moa ve mety hitranga izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, satria ireo shianh dia manana porofo maranitra sy matanjaka avy amin'ny Qour'an sy ireo hadith masina izay manamarina ny mazh'hab misy azy ireo sy ny finoan'izy ireo. »

Saingy tsy mety afa-po ilay mpanjaka amin'ny valitenin'ilay minisitra, ka mbola nilaza taminy nanao hoe: « Tsy maintsy antsoina ny manam-pahaizana amin'ireo mazh'hab roa ireo mba hisehoan'ny fahamarinana ka ahafahantsika manavaka izany amin'ny fahadisoana. »

Nony farany dia niangavy ilay minisitra mba afaka iray volana vao hotanterahina izany fivoriana izany, nefa ilay mpanjaka tanora dia tsy nanaiky izany fiandrasana izany; ary dia lasa nampiady hevitra azy roa mihitsy izany, fa hany hevitra notinapak'izy roa dia ny hanatanterahana izany afaka tapa-bolana.

## <u>Fivorian'ireo manam-pahaizana sounnah sy ireo shianh</u>

Nandritra izany fotoana izany, ilay minisitra dia namory olona folo avy amin'ireo manam-pahaizana lehibe sounnah izay iankinana amin'ny lafiny tantara sy "fiqh" sy "hadith" sy "oussoul" ary iankinana amin'ny resaka ady hevitra; tahak'izany koa ny avy amin'ireo manam-pahaizana shianh, ary izany moa dia nitranga

tamin'ny volana Sha'aban tao amin'ny madrassah Nidhamiyah tao Baghdad, fa ny fanapahan-kevitra noraisina dia ny hanatanterahana ny fivoriana arak'ireto fepetra manaraka ireto:

Voalohany dia ilaina ny hitohizan'ny ady hevitra manomboka amin'ny maraina ka hatramin'ny hariva afa-tsy amin'ny fotoana fanaovana swalàt sy fisakafoanana ary fialan-tsasatra.

Faharoa, ny ady hevitra dia mila ankinina amin'ireo loharanom-boky sy ireo boky malaza fa tsy ankinina amin'ny resaka honohono fotsiny.

Fahatelo dia ilaina ny fandraiketana an-tsoratra ireo ady hevitra rehetra izay hatao amin'ity fivoriana ity.

Ary tamin'ny andro vaotondro, dia nipetraka ilay mpanjaka sy ilay minisitra sy ireo lehiben'ny miaramilany, ary nipetraka avy teo ankavanany ireo manam-pahaizana sounnah, toy izany koa ireo manam-pahaizana shianh avy teo ankaviany, ka nanokatra ny fivoriana ilay minisitra Nidhàm al-Moulk tamin'ny alalan'ilay teny masina hoe:

بِسْمِ اللهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ وَالصَّلَاةُ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَ صَحْبِهِ

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana, ary ny tso-drano anie ho eo amin'i Mouhammad sy ireo Fianakaviany sy ireo sakaizany. »

Avy eo izy nilaza nano hoe: « Tsy maintsy atao madio ny ady hevitra ary takiana mba hitadiavana ny fahamarinana no tanjon'ny daholobe ka tsy ilaina na iza na iza ny miteny ratsy na manompa an'ireo swahaba an'ilay Irak'i Allah (s.a.w). »

## **Ny ady hevitra mikasika an'ireo swahaba, sakaizan'ilay Mpaminany (s.a.w)**

Ny manam-pahaizana lehibe amin'ny sounnah (izay manana anaram-bosotra hoe **cheikh Abbàsi**) dia niteny hoe: « Izaho dia tsy afaka mihitsy ny hiady hevitra amin'ny mazh'hab izay milaza an'ireo swahaba rehetra ho kàfir. »

Namaly ny manam-pahaizana lehibe amin'ny shianh (izay manana anaram-bosotra hoe **'Alawi**, fa ny tena anarany dia i **Houssein Ibn Ali**) nanao hoe: « Fa iza ireo izay milaza an'ireo swahaba ho kàfir? »

Namaly ilay Abbàsi nanao hoe: « Ianareo shianh no milaza fa kàfir ireo swahaba rehetra. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Izany teninao izany dia tena mifanipaka amin'ny zava-misy marina. Sa moa ve tsy anisan'ireo swahaba i Ali (a.s) sy i Abbàs sy i Salman sy Ibn Abbàs sy i Miqdad sy i Abou Zhar sy ny hafa ankoatr'azy ireo? Moa ve izahay shian dia milaza azy ireo ho kàfir ?»

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Tena marina fa ny tiako horesahina amin'ilay teny hoe "swahaba rehetra" dia i Abou Bakr sy i Omar sy i Othman sy ny mpanarak'azy ireo. »

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Ianao ihany izany no nanohitra ny tenanao! Moa ve tsy efa noraiketin'ireo mpahay lojika ny raiki-pohy manao hoe الموجبة الجزئية نقيض السالبة الكلية "**Ny fanekena amin'ny ampahany dia mifanohitra amin'ny fandavana amin'izy rehetra**", satria ianao dia nilaza fa ny shianh no milaza ho kàfir ny swahaba rehetra, avy eo koa ianao dia mbola nilaza fa ny shianh no milaza ho kàfir ny swahaba sasany, (ka hita mazava izany fa ianao ihany no manohitra ny tenanao). »

Teto ilay minisitra Nidhàm al-Moulk dia saika hiteny fa ilay manam-pahaizana shianh no tsy namela azy ka nilaza taminy nanao hoe: « R'ilay minisitra be voninahitra, tsy tokony hisy na iza na iza no hanan-jo hiteny raha tsy hoe angaha izahay mpanao ady hevitra no efa tsy mahita teny havaly intsony; fa raha tsy izany dia lasa misavoritaka ilay ady hevitra, no sady miala amin'ilay tanjona ka manjary tsy hahitam-bokany. »

Avy eo niteny ilay manam-pahaizana shianh nanao hoe: « R'ilay Abbàsi, efa mazava izao fa tena lainga miharihary ny fitenenanao ny shianh ho milaza an'ireo swahaba rehetra fa kàfir. »

Ary dia tsy nanana valiteny ilay Abbàsi ka nivaramena ny endriny nohon'ny henatra. Nony farany dia niteny izy nanao hoe: « Aoka avelantsika any àry izany; nefa moa ve ianareo shianh dia tsy manompa an'i Abou Bakr sy i Othman?! »

Namaly ilay 'Alawi nanao hoe: « Marina fa misy amin'ireo shianh no manompa azy ireo nefa misy koa ny tsy manompa. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Fa ianao ô r'ilay 'Alawi dia mba aiza amin'izy ireo no misy anao? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Izaho dia anisan'ireo izay tsy manompa azy ireo; fa kosa araka ny fahitako, ireo izay manompa azy ireo dia manana ny porofon'izy ireo. Ary ny fanompana azy telo ireo dia tsy misy olana eo amin'ny finoana islam, sady tsy mahatonga ny olona ho lasa kàfir (tsy mpino) na ho lasa fàsiq (mpanimba), sady tsy anisan'ny fahotana akory na dia kely akory aza izany. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Henonao tsara ve izany, ry mpanjaka, ny zavatra resahin'ity olona ity izany? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « R'ilay Abbàsi! Ny fitodihanao any amin'ilay mpanjaka dia mampisavoritaka zavatra, satria izy dia nampiantso antsika fotsiny mba hiady hevitra eo anatrehany amin'ny

alalan'ireo porofo, fa tsy tonga akory izy mba hampihorohoro antsika amin'ny alalan'ny hery na fitaovam-piadiana. »

Ary dia nilaza ilay mpanjaka hoe: « Marina tokoa ny tenin'ilay 'Alawi, koa ahoana ny valiteninao r'ilay Abbàsi? »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Mazava ho azy fa izay manompa an'ireo swahaba dia olona kàfir. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Mazava aminao fa tsy mazava amiko! Inona no porofo ilazanao fa kàfir ny olona manompa swahaba raha manana porofo mazava ianao? Moa ve tsy hainao fa izay olona nompain'ilay Iraka (s.a.w) dia mendrika ny hompaina?! »

Dia hoy ilay Abbàsi hoe: « Eny, izaho dia manaiky izany! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ary ilay Iraka (s.a.w) dia nanompa an'i Abou Bakr sy i Omar! »

Hoy ilay Abbàsi hoe: « Taiza Izy no mba nanompa azy ireo? Izany dia fampandaingana an'ilay Irak'i Allah ankitsirano!! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ireo mpahay tantara amin'ireo manam-pahaizana sounnah dia nanambara fa ilay Iraka (s.a.w) dia nanomana miaramila ho eo ambany fibaikoan'i Ousàmah, ka nataony ho anisan'ireo miaramila ireo i Abou Bakr sy i Omar, avy eo niteny ilay Iraka (s.a.w) hoe: لَعَنَ اللهُ مَنْ تَخَلَّفَ عَنْ جَيْشِ أُسَامَةَ "**Efa voaozon'i Allah izay mitsipaka miala ao amin'ny miaramilan'i Ousàmah**", kanefa fantatra fa i Abou Abakr sy i Omar dia niala tao amin'ny miaramilan'i Ousàmah. Koa noho izany dia voarakotry ny fanozonan'ilay Iraka izy ireo. Ary izay nozonin'ilay Iraka (s.a.w) dia mendrika amin'ny silamo ny manozona azy !»

Teto ilay Abbàsi dia niondrika tsy nahateny.

Fa nitodika tany amin'ilay minisitra ilay mpanjaka no sady niteny nanao hoe: « Moa ve marina izany voalazan'ilay 'Alawi izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, ireo manam-pahaizana ara-tantara dia nanambara izany tokoa. »[6]

Niteny i ‘Alawi hoe : « Fa raha toa ka ny fanompàna an’ireo swahaba dia haràm sy mahatonga ny olona ho lasa kàfir, dia nahoana ianareo no tsy milaza an’i Mou’àwiyah zanak’i Abou Soufiyàn ho kàfir? No sady tsy milaza azy koa ho mpanimba (fàsiq) na mpanao meloka, satria izy dia nanompa an’ny Imàm Ali zanak’i Abou Twàlib (a.s) nandritra ny efa-polo taona? Nefa dia nitohy foana izany fanompàna an’ilay Imàm (a.s) izany nandritra ny fito-polo taona?! »

Niteny ilay mpanjaka nanao hoe: « Avelaonareo izany resaka izany fa miresaha lohahevitra hafa. »

## Ny nanakambanana sy ny nanoratana ny Qour’an

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Anisan’ny “bid’anh”[7] nataonareo shianh dia ny tsy fanekenareo ny Qour’an. »

Fa hoy ilay ‘Alawi hoe: « Mifanohitra amin’izany aza satria ianareo sounnah mihitsy no nanao bid’anh amin’izany tsy fanekenareo ny Qour’an izany. Ary ny porofon’izany dia ny fitenenareo fa i Othman no nanakambana ny Qour’an. Ny fanontaniana mipetraka dia hoe: “Moa ve ilay Irak’i Allah dia tsy nahay fa ilaina izany asa nataon’i Othman izany, ka tsy Izy tenany no nitsangana nanakambana ny Qour’an fa niandry an’i Othman vao nahafantatra fa ny tokony hakambana izy io? Ary fanampin’izany, amin’ny fomba ahoana ny Qour’an no tsy nakambana tamin’ny vanim-potoan’ilay Iraka, kanefa Izy indraindray dia namporisika ny vahoakany sy ireo mpanaradiany amin’ny famakiana ny Qour’an

[6] في طبقات ابن سعد القسم الثاني ج 2 ص 41 و تاريخ ابن عساكر ج 2 ص 391 و كنز العمال ج 5 ص 312، والكامل لابن الأثير ج 2 ص129.

[7] Fomba na finoana vaovao noforonina.

iray manontolo, ka nilaza fa izay mamaky ny Qour'an rehetra dia hahazo fahasoavana sy valisoa toy izao sy izao... Koa moa ve afaka mamporisika ny olona Izy mba hamaky ny Qour'an manontolo nefa izany dia mbola tsy tafakambana? Ary moa ve ireo silamo teo aloha dia very làlana mandra-pahatongavan'i Othman izay nanavotra azy ireo?" »

Niteny ilay mpanjaka (nitodika nankany amin'ilay minisitra) nanao hoe: « Moa ve marina ny voalazan'ilay 'Alawi fa ireo sounnah dia milaza fa i Othman no nanakambana ny Qour'an? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny! Izany no voalazan'ireo mpahay tafsir sy mpahay tantara. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Fantaro ô ry mpanjaka hajaina, fa ireo shianh dia manam-pinoa fa ny Qour'an dia efa nakambana tamin'ny vanim-potoan'ilay Iraka tahak'io fahitanao azy ankehitriny io, tsy misy nanesorana na nanampiana na dia litera iray aza ao aminy; fa kosa ireo sounnah no milaza fa ny Qour'an dia misy nanampiana sy nanesorana ao aminy, sy misy ny nampifamadihana ary ilay Iraka dia tsy mba nanakambana azy, fa ny nanakambana azy dia i Othman tamin'ny fotoana izy nahazo ny fitondrana sy lasa lehibe (amïr). (Koa ahoana re izany, fa ny olona nandoro[8] ny Qour'an tahak'azy ve dia mba mendrika ny hitondra ny finoana islam? Ary inona moa no asa ratsy lehibe mihoatr'izany?) »

[8] Nilaza ireo mpahay tantara fa i Othman dia namory ireo Mous'haf maromaro avy eo dia nodoroiny amin'ny fomba faniratsirana . Voalaza izany ao amin'ny boky sahih Boukhar ao amin'ny باب فضائل القرآن ary nilaza izany koa ao amin'ny sounan al-Baïhaqi v.2 p. 41 sy ao amin'ny Kanzoul-Onmal v.1 p.281, sy i Twahàwi ao amin'ny boky Moushkil al-Athàr v.3 p.4.

## Ny ady hevitra mikasika ny Imàmah sy ny Khilàfah

Niteny ilay Abbàsi (izay nanararaotra ny fotoana) nanao hoe: « Moa ve henonao ry mpanjaka fa ity olona ity dia tsy mba miantso an'i Othman ho khalifah, fa antsoina fotsiny hoe lehibe (amïr)? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Eny, i Othman, izy dia tsy khalifah! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Satria ireo shianh dia manana finoana fa diso ny maha-khalifah an'i Abou Bakr sy i Omar ary i Othman. »

Nanontany ilay mpanjaka sady gaga nanao hoe: « Satria nahoana? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Satria i Othman dia tonga tamin'ny fitondrana amin'ny alalan'ny safidin'olona miisa enina izay notendren'i Omar. Ary ireo olona enina voatendry ireo dia tsy mba nifidy an'i Othman avokoa fa ny telo na roa amin'izy ireo ihany no nifidy azy. Noho izany, ny maha ara-dalàna ny fitondran'i Othman dia niankina tamin'i Omar; ary i Omar dia tonga tamin'ny fitondrana nohon'ny hafatra napetrak'i Abou Bakr, arak'izany ny maha ara-dalàna ny fitondran'i Omar dia niankina tamin'i Abou Bakr; ary i Abou Bakr dia tonga tamin'ny fitondrana tamin'ny alalan'ny fifidianan'ireo antokon'olom-bitsy izay naneho herisetra sy nampihorohoro ny olona. Noho izany, ny maha ara-dalàna ny fitondran'i Abou Bakr da niankina tamin'ny fitaovam-piadiana sy herisetra, ary izany no nahatonga an'i Omar nilaza ilay teny mikasika izany nanao hoe:

كَانَتْ بَيْعَةُ النَّاسِ لِأَبِي بَكْرٍ فَلْتَةً مِنْ فَلَتَاتِ الْجَاهِلِيَّةِ وَقَى اللهُ الْمُسْلِمِينَ شَرَّهَا فَمَنْ عَادَ إِلَيْهَا فَاقْتُلُوهُ

“**Ny fanekem-pankatoavan’ny olona an’i Abou Bakr dia zavatra fahantany tsy misy fandinihana tamin’ny vanim-potoan’ny habadoana, ka narovan’i Allah ireo silamo tamin’ny haratsiany koa izay te hamerina ny toy izany dia aoka izy ho vonoinareo**.”[9] Ary i Abou Bakr tompon-tena mihitsy dia matetika nilaza nanao hoe:

أَقِيلُونِي فَلَسْتُ بِخَيْرِكُمْ وَعَلِيٌّ فِيكُمْ “**Avelaonareo aho fa tsy izaho no tsara ho anareo raha mbola eo aminareo ihany i Ali**.”[10] Arak’izany, ireo shianh dia manana finoana fa ny maha-khalifah an’izy ireo dia tsy ara-dalàna hatrany am-potony. »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tany amin’ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina ny voalazan’ilay ‘Alawi mikasika ireo teny nolazain’i Abou Bakr sy i Omar ireo? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, toy izany no voalazan’ireo mpahay tantara! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Koa nahoana isika no mbola manaja an’izy telo ireo? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Isika dia mbola manaja an’izy telo ireo, nohon’ny fanarahantsika an’ireo olon-tsara taloha! »

Niteny ilay ‘Alawi tamin’ilay mpanjaka hoe: « Ry mpanjaka, lazao amin’ilay minisitra hoe: Moa ve ny fahamarinana no mendrika kokoa arahina sa ny olona taloha? Moa ve ny fanarahana ny olona taloha dia tsy mifanohitra amin’ny fahamarinana arak’ilay tenin’i Allah milaza manao hoe:

إِنَّا وَجَدْنَا آبَاءَنَا عَلَى أُمَّةٍ وَإِنَّا عَلَى آثَارِهِمْ مُقْتَدُونَ

---

[9] الصَّوَاعِقُ الْمُحْرِقَةُ لِإِبْنِ حَجَرِ ص.8، المِلَلُ وَ النِّحَلُ لِلشَّهْرِسْتَانِي وَ غَيْرِهِ...

[10] ذَكَرَ الْحَدِيثُ الْقَوْشَجِي العَالِمُ السُّنِّيُ فِي كِتَابِهِ شَرْحِ التَّجْرِيدِ، وَ غَيْرِهِ...

“**Tena marina izahay dia nahita ny razambenay nanaraka fomba fivavahana iray ka nanaraka ny dian’izy ireo izahay**”[11]?! »

Fa hoy ilay mpanjaka (nitodika niresaka tamin’ilay ‘Alawi) nanao hoe: « Raha tsy ireo anankitelo ireo no khalifah, dia iza indray àry no tokony ho khalifah an’ilay Irak’i Allah? »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Ny khalifah an’ilay Irak’i Allah dia ny Imàm Ali Ibn Abou Twàlib (a.s). »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana izy no khalifah? »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Satria Izy (a.s) no voatendrin’ilay Iraka (s.a.w) ho khalifah avy aoriany[12], izay nambarany ny maha-khalifa Azy (a.s) tao amin’ny toerana maro samihafa, ary anisan’izany dia tamin’ny fotoana namorian’ilay Iraka (s.a.w) ny olona teo amin’ny toerana iray manelanelana an’i Makkah sy i Madinah izay antsoina hoe Ghadir Khoum, ka nampiakariny ny tànan’i Ali no sady niteny Izy nanao hoe:

مَنْ كُنْتُ مَوْلَاهُ فَهَذَا عَلِيٌّ مَوْلَاهُ، اَللهُمَّ وَالِ مَنْ وَلَاهُ وَ عَادِ مَنْ عَدَاهُ وَانْصُرْ مَنْ نَصَرَهُ وَاخْذُلْ مَنْ خَذَلَهُ

“**Izay Izaho no mpiandraikitr’azy dia indro i Ali ho mpiandraikitr’azy, Tompo ô, tiavo izay mitia Azy, ankahalao izay mankahala Azy, avoty izay manavotra Azy ary hambanio izay manambany Azy.**”

Avy eo, dia nidina avy tamin’ilay polpitrany ilay Iraka (s.a.w) ka nilaza tami’ireo silamo (izay miisa mihoatra ny 120 000 olona tamin’izany fotoana izany) nanao hoe: سَلِّمُوا عَلَى عَلِيٍّ بِإِمْرَةِ الْمُؤْمِنِينَ

[11] Sourat al-Zoukhrouf 43/23

[12] Ny loharanon-boky izay nanambara fa ilay Irak’i Allah (s.a.w) no nanendry an’ny Imàm Ali (a.s) ho khalifa dia tena maro tokoa, ka anisan’izany ireto:

تاريخ ابن جرير ج 2 ص 62 و كنز العمال ج 6 ص 392 و صحيح الترمذي و صحيح ابن ماجة و مسند احمد بن حنبل ومستدرك الصحيحين وتفسير الرازي والصواعق المحرقة و غيرها مئات الكتب المعتبرة.

“**Aoka ianareo hiarahaba an’i Ali amin’ny mahalehiben’ireo mpino Azy.**” Ary dia tonga tsirairay ireo silamo nifandimby niarahaba an’ny Imàm Ali (a.s) tamin’ilay fiteny manao hoe: السَّلَامُ عَلَيْكَ يَا أَمِيرَ الْمُؤْمِنِينَ “**Fiadanana anie ho Anao ô r’ilay Lehiben’ireo mpino!**”

Tonga ihany koa i Abou Bakr sy i Omar niarahaba amin’ny mahalehiben’ireo mpino Azy ka niteny taminy tamin’izay fotoana izay i Omar nanao hoe:

بَخٍ بَخٍ لَكَ يَا ابْنَ أَبِي طَالِبٍ اَصْبَحْتَ مَوْلَايَّ وَ مَوْلَى كُلِّ مُؤمِنٍ وَ مُؤْمِنَةٍ

“**Ankasitrahana, tena ankasitrahana ianao ry zanak’i Abi Twàlib, fa ianao dia lasa lehibeko no sady lehiben’ny mpino lahy sy mpino vavy rehetra.**”[13]

Noho izany, ny khalifah an’ilay Irak’i Allah (s.a.w) ara-dalàna dia i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s). »

Niteny ilay mpanjaka (nitodika niresaka tamin’ilay minisitra) nanao hoe: « Moa ve marina izany voalazan’ilay ‘Alawi izany ? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, tahak’izany no voalazan’ireo mpahay tantara sy ireo mpahay tafsir. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Avelaonareo izany resaka izany fa miresaha ianareo lohahevitra hafa. »

## Iza no milaza fa ny Qour’an dia nanam-piovana?

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Ianareo shianh dia nilaza fa ny Qour’an dia nisy fiovana! »

---

[13] 1-Efa maro ireo mpanao tantara no nilaza izany ka anisan’izany ireto :
احمد بن حنبل في مسنده ج 4 ص 281 والرازي في تفسيره في ذَيْلِ قَوْلِهِ تَعَالَى يا أيها الرسول بلغ ... والخطيب البغدادي في تاريخ بغداد ج 8 ص 290 ، وابن حجر في كتابه الصواعق المحرقة ص 107

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Tsia, ny malaza eo aminareo sounnah dia ianareo no nilaza izany! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Izany dia tena lainga miharihary. »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Tsy efa voarainareo ao amin’ireo bokinareo ve fa nidina tamin’ilay Irak’i Allah ireo andininy mikasika an’ireo al-Gharànïq الغَرَانِيقُ (ireo sampy) fa avy eo dia voafafa ireo andininy ireo no sady nesorina ao amin’ny Qour’an? »

Niteny ilay mpanjaka (tamin’ilay minisitra) hoe: « Moa ve marina izany voalazain’ilay ‘Alawi izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, tahak’izany no voalazan’ireo mpahay tafsir. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « koa ahoana no iankinana amin’ny Qour’an izay manam-piovana? »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Fantaro ry mpanjaka fa tena marina izahay dia tsy miresaka izany trangan-javatra izany fa izany dia resak’ireo sounnah ireo fotsiny, fa eo aminay ny Qour’an dia azo iankinana fa ny Qour’an eo amin’ny sounnah kosa angamba no mety tsy azo iankinana! »

Nilaza ilay Abbàsi nanao hoe: « Izany anefa dia voaray amin’ireo hadith sasany ao amin’ny bokinareo sy avy amin’ireo manam-pahaizanareo. »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Izany hadith lazainao izany, voalohany dia tena vitsy, faharoa izy ireo dia lainga noforonin’ireo fahavalon’ny shianh mba ho fanaratsiana fotsiny, fahatelo ny shianh dia mahita fa ny fomba fiampitampitan’ireo hadith ireo dia tsy ara-dalàna no sady tsy azo iankinana. Ary mikasika ireo hadith sasany izay lazainao fa voaray avy amin’ireo manam-pahaizanay ireo dia tsy azo iankinana ny tenin’izy ireo; fa ireo manam-pahaizanay lehibe izay iankinanay dia tsy nilaza mihitsy izany fiovan’ny Qour’an izany, no sady tsy nilaza tahaka izay nolazainareo fa i Allah dia

nampidina ireo andininy izay midera ireo sampy (sanatriavina amin'i Allah anie izany) manao hoe:

تِلْكَ الْغَرَانِيقُ الْعُلَى مِنْهَا الشَّفَاعَةُ تُرْجَى

"**Izany fahambonian'ireo sampy al-Gharànïq, ny fanelanelanana dia antenaina tokoa avy amin'izy ireo.**"»

Nilaza ilay mpanjaka hoe: « Avelaonareo izany resaka izany fa miresaha ianareo ny ankoatr'izany. »

## Ady hevitra mikasika ny fahitana an'i Allah sy ireo Toetrany

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ireo sounnah dia milaza an'i Allah ho manana toetra izay tsy mifanaraka mihitsy amin'ny Voninahiny.»

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Ohatra hoe inona izany? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ohatra ny fitenin'izy ireo fa i Allah dia misy vatana ary Izy dia manahaka ny olombelona izay mihomehy sy mitomany, sy manana tànana aman-tongotra sy fitaovam-pananahana, ary ampidiriny ao amin'ny Afobe ny tongony amin'ny andro farany, ary avy amin'ny lanitra faratampony Izy dia hidina eo amin'ny lanitra eto an-tany eo am-pitaingenana ny ampondra !! (Sanatriavina anie izany!) »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Koa inona moa ny olana amin'izany? Fa ny Qour'an aza dia milaza izany mazava manao hoe: وَجاء رَبُّكَ "**Ary tonga ilay Andriamanitra Tomponao**" sy amin'ny andininy milaza hoe يَوْم يُكشف عن ساق "**Andro izay isehoan'ny kirinjo**" sy ny hoe يد الله فوق أيديهم "**Ny tànan'i Allah dia eo ambon'ny tànan'izy ireo**". Ary voalaza amin'ny hadith ihany koa fa i Allah dia hampiditra ny tongony ao anatin'ny Afobe. »

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Voalohany, mikasika ny voalazan'ireo hadith ireo dia lainga eo aminay shianh satria i Abou

Houraïra sy ireo namany no nampandainga an'ilay Irak'i Allah (s.a.w) ka nahatonga an'i Omar nandrara sy nanakana azy amin'ny fanoratana ny hadith. »

Niteny ilay mpanjaka (mitodika amin'ilay minisitra) hoe: « Moa ve marina fa i Omar dia nanakana an'i Abou Houraïra amin'ny fanoratana ny hadith? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, nosakanan'i Omar tokoa izy araka ny voalazan'ny tantara. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Koa nahoana isika (sounnah) no mbola miankina amin'ny hadith voaray avy tamin'i Abou Houraïra?»

Namaly ilay minisitra hoe: « Satria ireo manam-pahaizana dia niankina tamin'ireo hadith avy aminy. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Noho izany, ireo manam-pahaizana ireo ve no tena mahay mihoatra an'i Omar, satria i Omar nanakana an'i Abou Houraïra amin'ny fanoratana ny hadith nohon'ny fampandaingany an'i Allah, fa ireo manam-pahaizana kosa dia nandray ireo hadith avy aminy izay hita fa lainga?! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Raha ekena ry 'Alawi fa ireo hadith voaray amin'ireo bokin'ny sounnah mikasika an'i Allah dia tsy rariny, fa ahoana kosa no hevitrao amin'ireo andinin'ny Qour'an ireo? »

## Ireo andininy manana hevitra mazava sy ireo manana hevitra mifangaro

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Ao amin'ny Qour'an dia misy andininy milaza hevitra mazava ary izy ireo no antsoina hoe: أمّ الكتاب "renin'ilay boky", misy koa ny andininy manana hevitra

mifangaro[14], sady koa ao amin'ny Qour'an dia misy dikany ety ivelany sy dikany lalindalina. Koa ny andininy milaza hevitra mazava ety ivelany, dia raisina araka ny heviny ety ivelany, fa ny andininy manana hevitra mifangaro kosa dia tsy maintsy mandika ny heviny araka ny fahaizana mandaha-teny, izany hoe mikasika ny hevitra ankolaka sy fiovan-kevi-teny sy ny fanoharana …sns, fa raha tsy izany dia tsy mitombona ny dikany na ara-tsaina na ara-pinona, ohatra: raha adikanao ilay tenin'i Allah milaza hoe وَجاء رَبُّكَ "**Ary tonga ilay Andriamanitra Tomponao**" araka ny dikany ivelany dia efa nanohitra ny saina sy ny finoana ianao, satria ny saina sy ny finoana dia mahita fa i Allah dia misy amin'ny toerana rehetra sady tsy misy toerana tsy misy Azy mihitsy; kanefa ny dikan'ilay andininy ety ivelany dia manambara ny fananan'i Allah vatana, ary ny vatana dia tsy maintsy manana faritra sy toerana ipetrahany, koa midika izany fa raha i Allah no any an-danitra dia tsy eto an-tany Izy ary rehefa eto an-tany Izy dia tsy any an-danitra. Nefa izany dia tsy mitombona mihitsy na ara-tsaina na ara-pinoana. »

Tamin'izay fotoana izay ilay Abbàsi dia sanganehana sy very hevitra tsy nanan-kavaly teo anatrehan'ilay fanaporofoana matanjaka sy lojika nataon'ilay 'Alawi. Avy eo izy niteny tampoka nanao hoe: « Izaho dia tsy manaiky izany teny izany fa tsy maintsy raisina ety ivelany ny dikan'ireo andinin'ny Qour'an ireo. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Dia ahoana àry izany ny hevitrao momba ireo andininy manana hevitra mifangaro?? Fa tsy ho vitanao mihitsy ny maka ny dikany ivelan'ny Qour'an manontolo; fa raha tsy izany dia io namanao mipetraka akaikinao io, ny cehikh Ahmad

[14] Arak'ilay andininy (Sourat Al'Imràn 3 : 7) manao hoe :
هُوَ الَّذِي أَنْزَلَ عَلَيْكَ الْكِتَابَ مِنْهُ آيَاتٌ مُحْكَمَاتٌ هُنَّ أُمُّ الْكِتَابِ وَأُخَرُ مُتَشَابِهَاتٌ

Othman (manam-pahaizana sounnah izay jamba) dia tsy maintsy ho anisan'ny olona hiditra ao amin'ny Afobe? »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Satria nahoana? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Satria i Allah dia nilaza ao amin'ny Qour'an masina nanao hoe:

وَمَنْ كَانَ فِي هَذِهِ أَعْمَى فَهُوَ فِي الآخِرَةِ أَعْمَى وَأَضَلُّ سَبِيلاً

"**Izay jamba teto an-tany dia ho jamba koa any ankoatra ary vao mainka ho diso làlana**"[15], arak'izany, ilay cheikh Ahmad izay jamba eto an-tany ankehitriny dia mbola ho jamba sy ho diso làlana koa izy any ankoatra, ka moa ve mahafaly anao izany ô ry cheikh Ahmad? »

Namaly ilay cheikh hoe: « Tsia dia tsia! Fa ny tiany hambara amin'ny hoe "**jamba**" ao amin'ilay andininy dia hoe: izay mivily miala amin'ny làlan'ny fahamarinana. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Noho izany indrindra, dia voaporofo fa tsy ho vitan'ny olombelona ny mandray ny andinin'ny Qour'an rehetra amin'ny dikany ety ivelany. »

Teto dia nihamafy ny ady hevitra mikasika ny dikany ivelan'ny Qour'an ary ilay manam-pahaizana 'Alawi dia nikapoka amin'ny porofo mafonja izay nampasanganehana foana an'ilay Abbàsi.

Nony farany dia niteny ilay mpanjaka nanao hoe: « Avelaonareo izany resaka izany fa miresaha ianareo ny ankoatr'izany. »

## Ny fanerena sy ny fahalalahana

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Anisan'ny fivilian-dàlana sy ny lainga ataonareo mikasika an'i Allah Ilay Madio amin'ny

[15] Sourat al-Isrà 17:72

fahambangana rehetra dia ny fitenenanareo manao hoe: fa i Allah dia manery ny mpanompo hanao fahotana sy haràm avy eo dia hanasazy azy ireo amin'izany. »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Tena marina tokoa ange izany satria i Allah dia nilaza nanao hoe:

... وَمَنْ يُضْلِلْ اللَّهُ ... "**Fa izay verezin'i Allah …**" sy ny andininy milaza hoe: وَطَبَعَ اللَّهُ عَلَى قُلُوبِهِمْ "**Ary nataon'i Allah tombokase ny fon'izy ireo**". »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ny mikasika ny voalazanao amin'io tenin'i Allah ao amin'ny Qour'an io dia izao no valiny: efa nolazaintsika fa ao amin'ny Qor'an dia misy hevitra ankolaka sy ny heviteny miovaova ka ny mpandika ny Qour'an dia tsy maintsy mahay amin'ny fampiharana an'izany. Koa ny tiany hambara amin'ilay andininy "**Fa izay verezin'i Allah …**" dia hoe: i Allah dia mandao ny olona tsy valahara izay tsy miraharaha Azy mandra-pahavery làlana azy, ary izany dia tahaka ny fitenenantsika manao hoe: "*Ny fanjakana no nanimba ny vahoaka*" ka ny tiantsika hambara amin'izany dia ny fanjakana no namela ny vahoaka amin'ny sitrapony ka tsy niraharaha azy, izany no voalohany.

Fa ny faharoa, dia angaha tsy fantatrao ilay tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra manao hoe: إِنَّ اللَّهَ لا يَأْمُرُ بِالْفَحْشَاءِ "**Allah dia tsy mibaiko amin'ny fanaovana haratsiana**", sy ilay teniny manao hoe: إِنَّا هَدَيْنَاهُ السَّبِيلَ إِمَّا شَاكِراً وَإِمَّا كَفُوراً "**Hotarihinay làlana izy ka na hahay hankasitraka na haniratsira**", sy ilay hoe: وَهَدَيْنَاهُ النَّجْدَيْنِ "**Ary nasehonay azy ny làlana roa**" ?!

Fahatelon'izany, dia tsy eken'ny saina fa i Allah dia mibaiko ny olona hanao fahotana avy eo dia hanasazy azy amin'izany indray. Izany dia lavitra amin'ny olombelona tsotra ny manao izany fa indrindra moa ahoana i Allah izay Mpanao ny rariny sy madio

amin'ny fahabangana rehetra, sanatriavina anie izany resak'ireo mpanao ratsy izany! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Tsia, tena tsia! Tsy fomban'i Allah mihitsy ny mampanao fahotana ny olona avy eo Izy ihany no manasazy azy, fa izany dia tena tsy rariny tanteraka, ary i Allah dia lavitra amin'ny fanaovana ny tsy rariny sy ny asa ratsy araka ny teniny manao hoe: وَأَنَّ اللَّهَ لَيْسَ بِظَلاَّمٍ لِلْعَبِيدِ "**Tena marina i Allah dia tsy mpanageja ny mpanompo**", fa kosa izaho dia tsy mino fa ireo sounnah ireo dia manaiky io tenin'ilay Abbàsi io. »

Avy eo dia nitodika tamin'ilay minisitra izy ka nanontany hoe: « Moa ve ireo sounnah ireo dia manaiky izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, izany no malaza amin'ireo sounnah. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Amin'ny fomba ahoana izy ireo no miteny zavatra izay mifanohitra amin'ny saina? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Izy ireo dia manana dikany ankolaka sy porofo amin'izany. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Na manao ahoana na manao ahoana ny dikany ankolaka sy porofo misy amin'izy ireo dia tsy eken'ny saina izany no sady tsy hitako ny tokony harahina raha tsy ilay tenin'ilay 'Alawi manao hoe: i Allah dia tsy manery na iza na iza manao fitsipahana sy fahotana avy eo dia hanasazy ny olona amin'izany indray. »

## Iza no milaza fa ilay Mpaminany (s.a.w) dia nisalasala tamin'ny faminaniany ? Sy nanao fihetsika tsy mendrika Azy?

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Sady koa misy amin'ireo sounnah no milaza fa ny Mpaminany (s.a.w) dia nisalasala tamin'ilay faminaniany. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Izany dia lainga miharihary. »

Niteny ilay ‘Alawi nanao hoe: « Tsy efa voasoratra ao amin’ireo bokinareo fa ilay Irak’i Allah (s.a.w) dia nilaza nanao hoe: “**Tsy mbola nisy fotoana akory i Djibril no tonga tara tamiko ka tsy nisalasalako fa Izy dia nidina tamin’Ibn Khatwab**”, kanefa iaraha-mahalala fa maromaro ireo andininy ao amin’ny Qour’an no nanambara fa i Allah dia nanao fifanekena tamin’ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w) mikasika ny faminaniany. »

Niteny ilay mpanjaka (tamin’ilay minisitra) nanao hoe: « Moa ve marina ny resak’ilay ‘Alawi fa izany hadith izany dia misy amin’ireo bokin’ny sounnah? »

Namaly ilay minisitra nanao hoe: « Eny, misy ao amin’ireo boky sasany izany![16] »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Izany dia efa fitsipahana tanteraka! »

Niteny ilay ‘Alawi hoe: « Tsy vitan’izany fa voasoratra ao amin’ny bokin’ny sounnah ihany koa fa ilay Irak’i Allah (s.a.w) dia nilanja an’i Aïsha teo an-tsoroka, mba hijery an’ireo mpandihy, ka moa ve izany dia mifanaraka amin’ny voninahitr’ilay Irak’i Allah sy ny toerana misy Azy?»

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Tsy maninona anie izany e! »

Niteny ilay ‘Alawi hoe: « Moa ve ianao na dia olon-tsotra dia manao izany, sahinao ve ny milanja ny vadinao eo an-tsoroka mba hijery an’ireo mpitendry lamozika? »

Niteny ilay mpanjaka nanao hoe: « Tena marina, na dia olona faran’izay saro-kenatra sy saro-piaro aza dia tsy sahy manao izany, koa ahoana àry ny mikasika an’ilay Irak’i Allah izay modelin’ny olona rehetra amin’ny hasarotan-kenatra sy hasaro-piao ary amin’ny

[16] ذكره ابن ابي الحديد المعتزل في شرح النهج، و غيره.

fananam-pinoana?! Moa ve marina fa voasoratra ao amin'ny bokin'ny sounnah izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, voasoratra izany ao amin'ireo boky sasany. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Koa amin'ny fomba ahoana no inoantsika ny Mpaminany iray izay misalasala mikasika ny maha-Mpaminany Azy? »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Tsy maintsy raisina amin'ny dikany ankolaka izany hadith izany. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Moa ve mety ho raisina ankolaka ny hadith toy izany? Fantatrao ve ry mpanjaka, fa ny sasany amin'ireo sounnah dia mino an'ireto angano sy lainga ireto! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Inona izany lainga sy angano tianao holazaina izany? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Efa nazavaiko taminao fa ianareo dia niteny hoe:

1-Allah dia tahaka ny olombelona izay manana tànana sy tongotra sy afaka mandeha sy mijanona.

2-Ny Qour'an dia nanam-piovana fa nisy nanampiana sy nanesorana ao aminy.

3-Ilay Iraka (s.a.w) dia nanao fihetsika izay tsy misy olon-tsotra aza manao izany, dia ny fitondrany an'i Aïsha teo ambony sorony.

4-Ilay Iraka (s.a.w) dia nisalasala tamin'ny faminaniany.

5-Fa ireo nitondra talohan'i Ali Ibn Abi Twalib dia niankina tamin'ny sabatra sy ny hery mba hanaken'ireo olona azy ireo fa tsy niankina tamin'ny ara-drariny akory.

6-Ny bokin'izy ireo koa dia mandray hadith avy amin'i Abou Houraïra sy ny tahak'azy amin'ireo mpanoratra hadith izay foronina.»

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Avelaonareo izany lohahevitra izany fa miresaha ianareo ny lohahevitra hafa. »

## Tamin'iza no antony nidinan'ilay sourat 'Abasa ?

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Misy amin'ireo sounnah no milaza zavatra mikasika an'ilay Irak'i Allah izay zavatra na dia olon-tsotra aza tsy manao izany. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Ohatra hoe inona izany? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ohatra ny fitenenan'izy ireo fa ilay sourat عَبَسَ وَتَوَلَّى dia nidina ho fanomezan-tsiny an'ilay Mpaminany. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Koa inona moa no olana amin'izany? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ny olana dia ilay tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra manao hoe: وَإِنَّكَ لَعَلى خُلُقٍ عَظِيمٍ "**Ary tena marina Ianao dia tena ambony toetra lehibe**", sy ilay tenin'i Allah manao hoe: وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلاَّ رَحْمَةً لِلْعَالَمِينَ "**Tsy nalefanay Ianao raha tsy ho famindrampo ho an'izao tontolo izao**". Koa moa ve eken'ny saina fa ilay Iraka izay noderain'i Allah amin'ny fananana toetra tsara indrindra sy ho famindrampo ho an'izao tontolo izao dia afaka mampikentrona ny tarehiny eo anatrehan'ilay mpino jamba izay fihetsika tsy maneho ny mah'olombelona izany? »

Niteny ilay mpanjaka hoe: «tsy eken'ny saina raha izany fihetsika izany no nataon'ilay Iraka izay modely amin'ny mah'olombelona sy ilay Mpaminan'ny famindrampo. Koa noho izany ry 'Alawi, dia tamin'iza no tokony nidinan'io sourat io? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Arak'ireo hadith marina izay voaray avy amin'ireo Ahloul-Bayt (a.s) havan'ny Mpaminany (s.a.w) izay tao amin'ny tranon'Izy ireo no nidinan'ny Qour'an, dia nilaza fa io sourat io dia nidina nohon'ny antony avy tamin'i Othman Ibn Affàn ary izany dia tamin'ny fotoana nahatongavan'Ibn Oumm

Maktoum ابن أم مكتوم ka avy hatrany dia niamboho i Othman nanome lamosina azy. »

Tamin'izay dia nanapaka ny teniny ny sayyed Djamal al-Dïne izay anisan'ny manam-pahaizana shianh nanatrika teo ka nilaza nanao hoe: « Efa nisy tantara nandalo tamiko mikasika an'io sourat io, ary toy izao izany tantara izany: Indray andro, ny iray amin'ireo manam-pahaizana kristiana no nilaza tamiko nanao hoe: ny mpaminaninay Issà (a.s) dia tsara mihoatra an'ilay mpaminaninareo, i Mouhammad. Fa hoy aho hoe: fa nahoana? Namaly izy hoe: satria ny mpaminareo dia nanana toetra ratsy, nikentrona tamin'ireo jamba sy nanome lamosina azy ireo; kanefa ny mpaminaninay Issà dia tsara toetra satria manasitrana ny olona jamba sy ny olona boka. Ary niteny izaho hoe: ô ry kristiana, fantaro fa izahay shianh dia milaza fa ilay sourat dia nidina tamin'i Othman Ibn Affàn fa tsy nidina akory tamin'ilay Irak'i Allah (s.a.w) fa ny Mpaminaninay Mouhammad dia olona farany izany tsara toetra indrindra, ary efa noderain'i Allah ao amin'ny boky masina Qour'an manao hoe: "**Ary tena marina Ianao dia tena ambony toetra sy lehibe**" sy ny hoe "**Tsy nalefanay Ianao raha tsy ho famindrampo ho an'izao tontolo izao**".

Niteny ilay kristiana nanao hoe: izaho dia efa naheno izany resaka nolazaiko anao izany avy tamin'iray amin'ireo mpitoriteny tao amin'ny Mosken'i Baghdad. »

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Ny malaza aminay dia ny sasantsasany amin'ireo olon-dratsy mpandray ny hadith sy mpamarotra ny mah'olombelona azy dia nanendrikendrika an'ilay Mpaminany ho nanao an'ity tantara ity mba hanadiovana ny toerana misy an'i Othman ka sahin'izy ireo ny nampandainga an'i Allah sy ilay Iraka mba hanadiovana ireo Khalifa sy ireo mpitondran'izy ireo.»

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Avelao any izany resaka izany fa mifindrà amin'ny resaka hafa. »

## Ny fiakaran'ireo khalifa telo voalohany teo amin'ny fitondrana

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Ireo shianh dia tsy manaiky ny fananam-pinoana misy amin'ireo khalifa telo ireo, ary izany dia tsy rariny, satria raha tsy mpino izy ireo ka maninona ny Mpaminany naka vady tamin'izy ireo? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ny shianh dia manana finoana fa izy telo ireo dia tsy manam-pinoana ao am-po sy ao amin'ny fanahin'izy ireo na dia mampiseho izany amin'ny lela sy ety ivelany aza izy ireo. Ary iaraha-mahalala fa ilay Iraka lehibe (s.a.w) dia nanaiky ny nahasilamo ny tsirairay izay nanao an'ireo fanekem-pinona anankiroa, na dia mpitsaravelatsihy aza izy raha ny marina, ary Izy dia niara-monina tamin'izy ireo amin'ny fiaraha-monin'ny silamo, ka ny fakan'ny Mpaminany vady tamin'izy ireo na ny fakan'izy ireo vady tamin'ny Mpaminany dia avy amin'izany lafiny izany fotsiny. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Koa inona no porofo ilazanao fa i Abou Bakr dia tsy nanam-pinoana? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ireo porofo tsy azo lavina mikasika izany dia betsaka tokoa, fa amin'ny ankapobeny: izy dia namitaka an'ilay Iraka tamin'ny toerana maromaro, anisan'izany ny fialany ho miaramilan'i Ousàma sy ny fitsipahany ny baikon'ilay Iraka tamin'izany; ary ny Qour'an masina dia mandà ny fananam-pinoan'izay rehetra manohitra an'ilay Iraka (s.a.w), hoy indrindra i Allah hoe:

فَلا وَرَبِّكَ لا يُؤْمِنُونَ حَتَّى يُحَكِّمُوكَ فِيمَا شَجَرَ بَيْنَهُمْ ثُمَّ لا يَجِدُوا فِي أَنفُسِهِمْ حَرَجاً مِمَّا قَضَيْتَ وَيُسَلِّمُوا تَسْلِيماً

**"Tsia anefa ary ianiavana amin'ny Tomponao! Tsy hino izy ireo raha tsy hampitsara anao ny amin'izay fifandirana misy eo amin'izy ireo, avy eo tsy mahita olana sy tsy manampisalasalana amin'ny valim-pitsaranao izy ireo, dia hibaboka hanolotena."**[17]

Kanefa i Abou Bakr dia nitsipaka ny baikon'ilay Iraka sy nanohitra Azy, koa noho izany dia tafiditra ao amin'ity voalazan'ny andininy ity izay mandà ny fananam-pinoan'ny olona rehetra izay manohitra an'ilay Iraka (s.a.w).

Manampy an'izany, ilay Irak'i Allah (s.a.w) dia nanozona an'izay nitsipaka niala tao amin'ny miaramilan'i Ousàma; ary efa nolazaintsika teo aloha fa i Abou Bakr dia niala tao amin'ny miaramilan'i Ousàma, ka ny fanontaniana mipetraka dia hoe: moa ve ilay Irak'i Allah (s.a.w) dia hanozona ny mpino?! Mazava ho azy fa tsia ny valiny! »

Niteny ilay mapanjaka hoe: « Noho izany, dia mitombona ny tenin'ilay 'Alawi fa i Abou Bakr dia tsy nanam-pinoana! »

Niteny ilay minisitra hoe: « Amin'ireo sounnah ny fitsipihana nataon'i Abou Bakr dia ananan'izy ireo fanazavana hafa.»

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Koa moa ve ilay fanazavana hafa dia miaro azy amin'ilay zavatra tsy mety nataony, ary raha ohatra ka sokafantsika izany varavarana izany dia ny olon-dratsy rehetra dia afaka mitondra fanazavana ankolaka amin'ny asa ratsiny?

Ka ny mpangalatra dia hilaza hoe: nangalatra aho satria nahantra!

Ny mpisotro toaka dia hilaza hoe: nisotro toaka aho satria be ady saina!

---

[17] Sourat al-Nisà 4 :65

Ny mpijangajanga dia hilaza hoe: nijangajanaga aho nohon'ny antony izao sy izao…sns.

Ary farany dia hikorontana ny filaminana ka ny tsirairay dia ho lasa mahasahy hanohitra an'i Allah sy ilay Mpaminaniny.

Tsia…tsia, tsy misy vokany amintsika izany fanazavana hafa izany! »

Koa dia nivaramena nohon'ny henatra ny tarehin'ilay Abbàsi, fa sanganehana izy tsy hainy inona no holazainy, ary dia lasa kendakenda izy no niteny nanao hoe: « Inona àry no porofo ny tsy fananan'i Omar finoana? »

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Betsaka ireo porofo ireo, ka anisan'izany dia izy tenany mihitsy no nanambara fa izy dia tsy manam-pinoana (imàn). »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Taiza izy no niteny izany? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Tamin'izy niteny nanao hoe:

مَا شَكَكْتُ فِي نُبُوَةِ مُحَمَّدٍ (ص) مِثْلِ شَكِي يَوْمِ الحُدَيْبِيَّة **"Izaho dia tsy mbola nisalasala tamin'ny faminanian'i Mouhammad (s.a.w) mitovy tamin'ny fisalasalako tamin'ny andron'i Houdaïbiyah"**[18], koa izany teniny izany dia manambara fa izy dia nanana fisalasalana hatrany mikasika ny faminanian'ny Mpaminanintsika (s.a.w) ; fa ny fisalasalany tamin'izany andron'i Houdaïbiyah izany no tena mafy kokoa noho tamin'ireo fisalasalany hafa rehetra. Koa ny fanontaniana hapetrako r'ilay Abbàsi dia moa ve (lazao ahy, ianiavana amin'ny Tomponao) fa ny olona izay misalasala amin'ny faminanian'i Mouhammad (s.a.w) dia mbola azo heverina ho mpino?»

---

[18] مسند أحمد : 4 / 328. سيرة ابن هشام : 3 / 331. السيرة الحلبية : 3 / 19. كنز العمال : 10 / 488 ح : 30154.

Tamin'izay dia nangina ilay Abbàsi sady niondrika nohon'ny henamaso.

Niteny ilay mpanjaka (nitodika tamin'ilay minisitra) nanao hoe: « Moa ve marina ny tenin'ilay 'Alawi fa nilaza izany tokoa i Omar? »

Niteny ilay minisitra hoe: « Eny, tahak'izany no voalazan'ireo mpanoratra hadith! »

Niteny ilay mpanjaka: « Mahagaga izany, ary tena mahagaga tokoa! Izaho teo dia nihevitra an'i Omar ho anisan'ny voalohany amin'ireo mpino silamo, sy noheveriko fa ny fananany finoana dia tena modely; fa ankehitriny dia miharihary amiko ny finoan'i Omar fa mifototra amin'ny fisalasalana sy fifangaroana. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Mitonia, mitonia ianao ry mpanjaka, mipetraha ianao amin'io finoanao io fa aza manaiky hadalain'ity 'Alawi mpandainga ity. »

Tamin'izay ilay mpanjaka dia nitodi-doha niala tamin'ilay Abbàsi, no sady niteny an-katezerana nanao hoe: « Ny minisitra no nilaza fa marina ny tenin'ilay 'Alawi izay nilaza fa io tenin'i Omar io dia voalazan'ireo mpanoratra ny hadith; kanefa ity Abbàsi ity indray no milaza azy (an'ilay 'Alawi) ho mpandainga, koa moa ve izany dia tsy efa fikomiana miharihary? »

## **Ny marina vitsivitsy mikasika an'i Othman Ibn 'Affan**

Feno fahanginana nampahatahotra ny fivoriana, ary tena tezitra ilay mpanjaka sy sorena tamin'ilay tenin'ilay Abbàsi … nitanondrika ilay Abbàsi sy ireo manam-pahaizana sounnah rehetra …ary nangina tsy niteny ilay minisitra … ilay 'Alawi kosa dia tavela nampitraka ny lohany nijery teo amin'ny tarehin'ilay mpanjaka, mba hiandry ny vokatra?

Tena nisedra fotoan-tsarotra tokoa ilay Abbàsi, naniry mihitsy izy mba ho vaky ny tany izay diaviny ka hanjavonany na ho tonga aminy ny Anjelin'ny fahatesana haka ny fanahiny nohon'ny henatra lehibe nahazo azy sy ny fahasoratan'ny toe-javatra tamin'izay fotoana izay, satria hita miharihary ny tsy mahamarina ny finoany sy ny antokom-pinoany ary niharihary ny arirariran'ny finoany teo anatrehan'ilay mpanjaka sy ny minisitra sy ireo manam-pahaizana ary ireo manam-pahefana rehetra nanatrika teo … fa kosa inona no sisa mba nataon'ilay Abbàsi? Satria hainy fa izy dia nantsoin'ilay mpanjaka mba hanatrika ny ady hevitra izay misy fanontaniana sy ny valiny sy mba hanavahana ny faharimanana amin'ny fahadisoana, noho izany dia niezaka izy namory ny heriny rehetra ka nampitraka ny lohany izy niteny nanao hoe:

« Amin'ny fomba ahoana àry no ilazanao indray fa i Othman dia tsy nanam-pinoana ao am-pony, kanefa ny Mpaminany dia nampanambady azy an'ireo zanany vavy roa dia i Rouqiyah sy i Oumm Koulthoum? »

Nilaza ilay 'Alawi hoe: « Ny porofo amin'ny tsy fananam-pinoany dia betsaka fa ampy ho an'izany dia: ireo silamo (ary nisy amin'izy ireo dia swahaba) dia niray hina tamin'ny famonoana azy, kanefa misy hadith voaray avy aminareo izay milaza fa ilay Mpaminany dia niteny nanao hoe: لَا تَجْتَمِعُ أُمَّتِي عَلَى خَطَأٍ "**Ny vahoakako dia tsy miray hina amin'ny fahadisoana**", ka fanontaniana mipetraka dia izao: moa ve ireo silamo (ary nisy amin'izy ireo dia swahaba) dia hiray hina amin'ny famonoana ny olona mpino?!

Fanampin'izany, i Aïsha dia nampitovy an'i Othman tamin'ny jiosy ka nanome baiko amin'ny famonoana azy araka ny teniny nanao hoe:

أُقْتُلُوْا نَعْثَلاً فَقَدْ كَفَرَ ، أُقْتُلُوا نَعْثلاً قَتَلَهُ اللهُ، بُعْداً لِنَعْثَل وَسَحَقاً "**Vonoinareo i Nanthal fa efa nitsipaka izy, vonoinareo i Nanthal fa Allah anie hanozona azy, faharendrehana sy fanalavirana anie ho an'i Nanthal**"[19], ka izany Nanthal izany dia anaran'olona jiosy.

Ary i Othman dia namono swahaba lehibe iray antsoina hoe Abdallah Ibn Mas'ound ka nahatonga azy voan'ny aretin'ny voa ka tsy niala teo am-pandriana izy mandra-pahafatiny. Izy koa dia nandroaka an'i Abou Dhar al-Ghaffàri, ilay swahaba lehibe iray izay noderain'ilay Iraka (s.a.w) nanao hoe:

مَا أَظَلَّتِ الْخَضَرَاءُ وَلَا أَقَلَّتِ الْغَبَرَاءُ عَلَى ذِي لَهْجَةٍ أَصْدَقُ مِنْ أَبِي ذَر

"**Tsy mbola nanaloka olona ny lanitra, ary ny tany tsy mbola nitondra olona izay farany milaza ny marina mihoatra an'i Abou Dhar**", kanefa nataony sesin-tany izy nanalavitra an'i Madina feno fahazavana nankany Shàm indray mandeha na in-droa, avy eo nankany Rabdha, faritra karakaina iray manelanelana an'i Makka sy Madina (ka nahatonga an'inty farany matin'ny hanoanana sy hetaheta), nandritra izany i Othman dia nanao tantely afa-drakotra ny tahirim-bolan'ireo silamo ka nizara izany harena izany tamin'ireo havany avy amin'ny taranak'i Omayiah sy taranak'i Marwan! »

Niteny ilay mpanjaka tamin'ilay minisitra hoe: « Moa ve marina ny voalazan'ilay 'Alawi amin'izany teniny izany? »

---

[19] Miverena amin'ilay boky sharh nahdj al-Balaghah izay nosoratan'ilay manam-pahaizana sounna Ibn Abi al-Hadid v.2 p.77 fa voalaza ao fa izay rehetra nanoratra tantara dia nanambara fa i Aïsha dia olona farany nankahala ny toetran'i Othman hatramin'ny nanehoany ny anankiray tamin'ireo lamban'ilay Irak'i Allah (s.a.w) ary nilaza tami'ireo olona teo anatrehany nanao hoe : هَذَا ثَوْبُ رَسُولِ اللهِ لَمْ يَبْلَ وَ عُثْمَان قَدْ أَبْلَى ثَوْبَهُ « **Ity lamban'ilay Irak'i Allah ity dia mbola tsy tonta kanefa i Othman no nanonta ny lambany.**»

Namaly ilay minisitra hoe: « Nitantara izany tokoa ireo mpahay tantara[20].»

Niteny ilay mpanjaka: « Koa nahoana no haneken'ireo silamo azy ho khalifa? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Tamin'ny alalan'ny fifidianana no nanekena azy. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Aza maika ry minisitra, aza miteny ny zavatra tsy marina. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Inona no holazainao r'ilay 'Alawi? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ilay minisitra dia diso tamin'ilay teniny, fa i Othman tena marina dia tsy tonga tamin'ny fitondrana raha tsy tamin'ny alalan'ny hafatr'i Omar sy fifidianan'ireo olona telo tamin'ireo mpitsaravelatsihy fotsiny dia i Talhà sy i Sa'ad Ibn Abi Waqqas ary i Abd al-Rahman Ibn 'Aouf; koa moa ve ireo olona mpitsaravelatsihy anankitelo ireo dia mahasolo ny tenan'ireo silamo rehetra? Fanampin'izany, ny tantara dia nanambara fa ry zareo mpifidy ireo dia efa niala tamin'i Othman rehefa hitan'izy ireo ny fanagejana nataony sy ny fihoaram-pefy ary fanalam-baraka nataony tamin'ireo swahaba an'ilay Irak'i Allah sy fakany hevitra momba ny raharahan'ny silamo any amin'ny jiosy iray antsoina hoe Ka'ab al-Ahbar ary ny fizarazarany ny harenan'ny silamo teo amin'ny taranak'i Marwan. Koa nanomboka teo izy telolahy ireo no namporisika ny olona mba hamono an'i Othman!! »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina izany voalazan'ilay 'Alawi izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Tahak'izany no voalazan'ireo mpahay tantara. »

---

[20] Miverena amin'io boky io ihany ao amin'ny v.1 fa ahitanareo ny antsipirian'izany tantara izany.

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fomba ahoana no nilazanao fa izy dia tonga teo amin'ny fitondrana tamin'ny alalan'ny fifidianana?»

Namaly ilay minisitra hoe: « Ny tiako holazaina amin'izany dia ny fifidianana nataon'izy telolahy ireo. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Ary moa ve ny fifidianana nataon'ny olona telo dia manamarina ny fifidianana? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Ireo olona telo ireo dia ilay Mpaminany no njoro vavolombelona fa izy ireo dia olon'ny Paradisa. »

**<u>Ny hadith milaza fa "Olona folo no nampanantenaina hiditra ao am-Paradisa"</u>**

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Aza maika ry minisitra! Ary aza miteny zavatra tsy hananananao fahamarinana fa ny hadith izay milaza fa العَشَرَةُ المُبَشَرَةُ بِالجَنَّةِ "**Ireo olona folo nomena vaovao mahafaly hiditra ao am-Paradisa**" dia hadith lainga sy noforonina mba hampandaingana an'ilay Mpaminany! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Amin'ny fomba ahoana no ilazanao izany ho lainga kanefa ireo swahaba azo antoka no nandray izany? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Misy porofo maro no milaza mahalainga an'io hadith io, fa telo ihany no holazaiko aminao:

Voalohany, amin'ny fomba ahoana ny Mpaminany no mijoro vavolombelona amin'ny hidiran'ny olona izay nampijaly Azy ao am-Paradisa, dia tsy izany izany fa i Talhà? Ny mpanao tafsir sy mpandray hadith sasany dia nanambara fa i Talhà dia niteny hoe: لَئِنْ مَاتَ مُحَمَّدٌ لَنُنْكِحَنَّ أَزْوَاجَهُ مِنْ بَعْدِهِ -أَوْ لأَتَزَوَجَنَّ عَائِشَةَ- "**Raha maty i Mouhammad dia alainay vady ireo vadiny ireo any aoriany -na**

**alaiko vady i Aïsha-**” ka nampalahelo an’ilay Mpaminany izany teniny izany ary nahatonga an’i Allah nampidina ilay andininy manao hoe:

وَمَا كَانَ لَكُمْ أَنْ تُؤْذُوا رَسُولَ اللَّهِ وَلا أَنْ تَنْكِحُوا أَزْوَاجَهُ مِنْ بَعْدِهِ أَبَداً إِنَّ ذَلِكُمْ كَانَ عِنْدَ اللَّهِ عَظِيماً

“**Tsy tokony mampijaly an’ilay Irak’i Allah ianareo ary tsy tokony hanambady an’ireo vadiny mihitsy any aoriany fa izany dia fahotana lehibe tokoa eo anatrehan’i Allah”**[21]

Faharoan’izany, i Talha sy Zoubaïr dia efa niady tamin’i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s), kanefa ilay Irak’i Allah dia nilaza mikasika ny zon’i Ali (a.s) nanao hoe :

يَا عَلِيٌّ حَرْبُكَ حَرْبِي وَسِلْمُكَ سِلْمِي

“**Ry Ali, izay miady aminao dia miady amiko ary izay mihavana aminao dia mihavana amiko**”[22].

Nilaza koa Izy (s.a.w) hoe:

مَنْ أَطَاعَ عَلِيّاً فَقَدْ أَطَاعَنِي وَمَنْ عَصَى عَلِيّاً فَقَدْ عَصَانِي

“**Izay mankato an’i Ali dia efa nankato ahy ary izay nanohitra an’i Ali dia efa nanohitra ahy**”[23]

Mbola niteny koa Izy (s.a.w) nanao hoe:

عَلِيٌّ مَعَ القُرْآنِ وَ القُرْآنُ مَعَ عَلِيٍّ لَنْ يَفْتَرِقَا حَتَّى يَرِدَا عَلَيَّ الْحَوْضَ

“**Ali dia miaraka amin’ny Qour’an ary ny Qour’an dia miaraka amin’i Ali, tsy hisaraka mihitsy izy roa ireo mandra-piverenany amiko ao am-Paradisa**”[24]

Ary mbola niteny ihany koa Izy nanao hoe:

عَلِيٌّ مَعَ الْحَقِّ وَالحَقُّ مَعَ عَلِيٍّ يَدُورُ الحَقُّ مَعَهُ حَيْثُمَا دَارَ

---

[21] Sourat al-Ahzab 53

[22] ذكره الخطيب الخوارزمي في كتاب المناقب ص 76 و ذكره المحدث ابن حسنويه وذكره القندوزي في كتابه ينابيع المودة ص 75 و غيرهم من أكابر علماء العامة.

[23] كنز العمال حديث 1213 وغيره.

[24] كنز العمال حديث 1152 و الصواعق ص 75 و مستدرك الحاكم ص124.

“**Ali dia miaraka amin’ny fahamarinana ary ny fahamarinana dia miaraka amin’i Ali, ny fahamarinana dia mihodidina miaraka aminy na aiza na aiza no misy Azy**”[25]

Koa ny fanontaniana mipetraka dia hoe: moa ve izay niady tamin’ilay Irak’i Allah sy nanohitra Azy dia olon’ny Paradisa?! Ary moa ve izay miady amin’ny fahamarinana sy ny Qour’an dia olona mpino?!

Fahatelo manarak’izany, i Talhà sy Zoubaïr dia anisan’ireo izay niezaka tamin’ny famonoana an’i Othman, koa moa ve eken’ny saina fa i Othman sy i Talhà ary Zoubaïr, izy rehetra ireo dia samy olon’ny Paradisa, kanefa izy ireo dia nifamono, ary ilay Irak’i Allah (s.a.w) dia nilaza ao amin’ny teniny manao hoe: الْقَاتِلُ وَالمَقْتُولُ كِلاَهُمَا فِي النَّارِ “**Izay namono sy izay novonoina, izy roa ireo dia samy ao amin’ny Afobe**” ?! »

Niteny ilay mpanjaka no sady gaga nanao hoe: « Moa ve izany resak’ilay ‘Alawi izany dia marina avokoa? »

Teto ilay minisitra dia nangina, ary tsy nisy zavatra nolazainy.

Ilay Abbàsi sy ireo namany dia nangina tsy nahita holazaina ihany koa.

Inona moa no zavatra holazain’izy ireo? Moa ve izy ireo dia manaiky ny marina? Moa ve ny satana dia mamela ny olona hanaiky ny fahamarinana? Moa ve ny fanahy mpitarika amin’ny haratsiana dia manaiky ny olona hanetry tena manoloana ny marina sy ny fahamarinana? Heverinao ve fa ny fanekena ny fahamrinana dia zavatra tsotra sy mora?

---

[25] تاريخ بغداد ج 14 ص 321 والحافظ الهيثمي في مجمع الزوائد ج7 ص236 وابن قتيبة في الامامة والسياسة ج1 ص68 ومستدرك الحاكم ج3 ص125 وجامع للترمذي ج2 ص213 و غيره.

Tsia … Izany dia tena sarotra, satria hahatonga ny olona hiala lavitra amin'ny fizirizíriana vokatry ny habadoana izany sy hahatonga ny olona hanohitra ny fanirian-dratsy, kanefa ny olombelona dia mpanaraka ny fanirian-dratsy sy ny lainga afa-tsy ireo mpino izay tena vitsy an'isa!

…Tamin'izay dia notriarin'atoa 'Alawi ilay voalin'ny fahanginana ka hoy izy niteny nilaza nanao hoe: « R'ilay mpanjaka, tena marina ny hambarako anao fa ilay minisitra sy ilay Abbàsi sy ireto manam-pahaizana rehetra ireto dia mahafantatra ny fahamarinan'ny teniko sy ny mahamarina azy ary ny fahamarinan'ny resako; fa raha mandà izany izy ireo dia eto Baghdad dia misy an'ireo manam-pahaizana izay mijoro vavolombelona amin'izany fahamarinan'ny teniko izany. Ary ao amin'ny fitehirizam-bokin'ity madrassah ity dia ahitana boky maromaro manao vavolombelona ny teniko sy ireo loharanom-boky maromaro manambara ny fahamarinan'ilay resako … Koa raha ekenareo ny fahamarinan'ny teniko dia izany no ilaina, fa raha tsy izany, izao dieny izao aho dia efa vonona ny hitondra ho anao ireo boky sy loharanom-boky ary vavolombelona ireo! »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tany amin'ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina ny tenin'ilay 'Alawi milaza fa misy ireo boky sy loharanom-boky manaporofo ny mahamarina ny resany sy ny fahamarinan'ny teniny ireo? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana àry ianao no nangina hatramin'ny voalohany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Satria izaho dia mankahala ny hitsikera an'ireo swahaba an'ilay Irak'i Allah (s.a.w)! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Mahagaga izany! Ianao mankahala izany kanefa i Allah sy ilay Irany dia tsy nankahala izany araka ny voalazan'Ilay Avo Indrindra izay nampahafantatra fa ny swahaba

sasany dia mpitsaravelatsihy ary nibaiko ny Mpaminaniny hiady amin'izy ireo sahala amin'ny fiadiana amin'ireo olona mpitsipaka (kàfir), ary ilay Irak'i Allah dia ny tenany mihitsy no nanozona ny sasany amin'ireo sakaizany (swahaba) ireo. »

## <u>Moa ve ireo rehetra swahaba, sakaizan'ilay Iraka (s.a.w) dia olo-marina avokoa?</u>

Namaly ilay minisitra hoe: « Moa ve tsy efa renao r'ilay 'Alawi ny tenin'ireo manam-pahaizana milaza hoe: "**Ireo rehetra mpanaradian'ilay Iraka dia olo-marina avokoa**" ? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Naheno izany aho nefa fantatro fa lainga io teny io no sady fanendrikendrehana an'Ilay Irak'i Allah (s.a.w), fa amin'ny fomba ahoana moa ireo rehetra mpanaradian'ilay Iraka dia mety ho marina daholo, kanefa i Allah dia nanozona ny sasany amin'izy ireo ary ilay Iraka ihany koa dia nanozona ny sasantsasany ary ny sasany tamin'izy ireo dia nanozona sy niady, nanompa ary namono ny sasany mihitsy aza?? »

Tamin'izay ilay Abbàsi dia nahatsapa fa nihidy ho an'ny tenany ilay varavarana ka voatery izy niditra amin'ny varavarana hafa, ary niteny nanao hoe: « R'ilay mpanjaka, teneno amin'ity 'Alawi ity fa raha ireo khalifa ireo no tsy mpino dia nahoana ireo silamo no nanaiky azy ireo khalifa sy nanaraka azy ireo? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Voalohany, dia tsy ny silamo rehetra no nanaiky azy ireo ho khalifa fa kosa ireo sounnah fotsiny.

Faharoa, ireo izay manaiky sy mino ny maha-khalifa azy ireo dia azo tsinjaraina ho roa: dia ny olona bado tsy mahay na inona na inona sy ny mpiziriziry amin'ny heviny. Koa ilay bado dia tsy mahafantatra na inona na inona amin'ny faharatsian'izy ireo sy ny mombamomba azy ireo fa kosa mihevitra izy fa ny swahaba rehetra dia olona madio sy mpino ary olon-tsara daholo; fa ilay mpiziriziry

amin'ny heviny kosa, tena marina dia tsy ahazoany tombon-tsoa mihitsy ilay porofo sy fanazavana raha mbola mitazona an'ilay fiziriziriana izy. Hoy indrindra i Allah Ilay Avo Indrindra nanao hoe: وَإِنْ يَرَوْا كُلَّ آيَةٍ لا يُؤْمِنُوا "**Na dia nahita ireo fahagagana rehetra aza izy ireo dia tsy hino izany**."[26] sy ny andininy milaza manao hoe : وَسَوَاءٌ عَلَيْهِمْ أَأَنذَرْتَهُمْ أَمْ لَمْ تُنذِرْهُمْ لا يُؤْمِنُونَ "**Mitovy ihany ny amin'izy ireo na hampitandremanao izy na tsy hampitandremanao dia tsy hino mihitsy izy ireo**"[27]

Fahatelo, ireo nanaiky an'izy ireo ho khalifa dia diso amin'ny safidin'izy ireo, tahaka ny fahadisoan'ireo kristiana mihevitra fa ilay "*Mesia dia zanak'Andriamanitra*", na tahaka ny fahadisoan'ireo jiosy izay miteny fa i "*Ounzaïr dia zanak'Andriamanitra*". Koa ny olombelona dia manana adidy amin'ny fankatoavana an'i Allah sy ilay Iraka ary manaraka ny fahamarinana fa tsy manaraka ny olombelona amin'ny fahadisoana sy ny lainga; hoy indrindra i Allah nilaza nanao hoe:
أَطِيعُوا اللَّهَ وَأَطِيعُوا الرَّسُولَ "**Mankatoava ianareo an'i Allah ary mankatoava ianareo an'ilay Iraka**"[28]. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Avelao izany resaka izany fa miresaha lohahevitra hafa. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Anisan'ny fifangaroana sy fahadisoan-kevitr'ireo sounnah dia ny fiatahan'izy ireo amin'i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) sy ny fanarahana an'ireo khalifa teo alohany. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Fa nahoana? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Satria i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) dia notendren'ilay Iraka fa ireo telo ireo dia tsy notendreny. »

---

[26] Sourat al-A'araf 146
[27] Yâssîn 10
[28] Sourat Mouhammad 33

Avy eo dia nanohy ny teniny izy hoe: « R'ilay mpanjaka, raha ianao no manendry olona iray handimby anao dia moa ve adidin'ilay minisitra sy ireo manam-pahafena no mankato izany sa izy ireo dia manan-jo ny hanendry na hisafidy olon-kafa handimby anao? »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Eny adidin'izy ireo ny manaraka ny mpandimby ahy izay ny tenako mihitsy no nanendry azy sy mankato ny baiko nomeko mikasika izany. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Koa tahak'izany mihitsy no nataon'ireo shianh, izy ireo dia nanaraka ny khalifa mpandimby an'ilay Iraka izay notendreny araka ny baikon'i Allah Avo Indrindra, ary tsy iza izany fa i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) no sady niala namela ny ankoatr'Azy izy ireo. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Fa i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) dia tsy mendrika tamin'ilay fitondrana noho izy mbola tanora loatra, nefa i Abou Bakr dia efa olobe, ary koa i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) dia avy namono ireo lehibe sy mahery fo tamin'ireo arabo ka tsy hisy amin'izy ireo ny hitia azy, nefa i Abou Bakr dia tsy mba tahak'izany. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Efa henonao ry mpanjaka fa ilay Abbàsi dia mahasahy miteny fa ny olona dia mahafantatra mihoatra an'i Allah sy ilay Irany amin'ny fanendrena ny olona izay mendrika, satria izy dia tsy nanaiky ny fanendren'i Allah sy ilay Irany fa nanaiky ny tenin'ireo olona sasany izay milaza fa i Abou Bakr no mendrika, tahaka hoe i Allah Ilay Tompon'ny fahalalana sy Tompon'ny fahendrena dia tsy mahalala izay mendrika sy izay tena tsara, hatramin'ny fahatongavan'ireo bado izay tsy mahay mifidy izay hitan'izy ireo fa mendrika. Moa ve tsy efa nolazain'i Allah Ilay Avo indrindra fa hoe:

وَمَا كَانَ لِمُؤْمِنٍ وَلا مُؤْمِنَةٍ إِذَا قَضَى اللَّهُ وَرَسُولُهُ أَمْراً أَنْ يَكُونَ لَهُمُ الْخِيَرَةُ مِنْ أَمْرِهِمْ وَمَنْ يَعْصِ اللَّهَ وَرَسُولَهُ فَقَدْ ضَلَّ ضَلالاً مُبِيناً

"**Tsy mendrika amin'ny mpino lahy sy ny mpino vavy rehefa i Allah sy ilay Irany no naka fanapahan-kevitra iray ka hanan-tsafidy amin'izany izy ireo ary izay manohitra an'i Allah sy ilay Irany dia tena very làlana tokoa.**"[29]?

Moa ve tsy niteny i Allah Ilay Madio amin'ny fahabangana nanao hoe:

"يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا اسْتَجِيبُوا لِلَّهِ وَلِلرَّسُولِ إِذَا دَعَاكُمْ لِمَا يُحْيِيكُمْ **Ô ianareo mpino! Aoka ianareo hamaly ny antson'i Allah sy ilay Irany rehefa Izy ireo no miantso anareo amin'izay mahavelona anareo…**"[30]?

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Tsia, izaho dia tsy niteny fa ny olona dia mahay mihoatra an'i Allah sy ilay Irany. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Arak'izany dia tsy misy dikany io teninao io, fa raha toa ka i Allah sy ilay Irany no efa nanendry olona iray ho an'ny fitondrana sy ny fitarihana dia tokony hanaraka izany olona izany ianao, na faly amin'izany ny olona rehetra na tsia. »

## Ireo fahamendrehan'i Ali (a.s)

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Fa ny fahamendrehana mikasika an'i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) anie dia vitsy. »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Voalohany, ny teninao izany dia midika fa i Allah dia tsy nahafantatra tsara mikasika an'i Ali Ibn Abi Twàlib no sady tsy nanam-pahalalana fa ny fahamendrehana mikasika an'i Ali (a.s) dia vitsy kanefa dia mbola notendreny ho khalifa ihany. Ary izany fiheveranao izany dia efa fitsipahana

[29] Sourat al-Ahzab 36
[30] Sourat al-Anfàl 24

miharihary. Faharoa, ny tena marina ny fahamendrehana mikasika ny fitondrana sy fitarihana dia feno tamin'i Ali Ibn Abi Twàlib fa tsy feno izany tamin'ireo hafa ankoatr'azy na dia kely aza! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Koa inona àry izany ireo fahamendrehana ireo, manomeza ohatra? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ny fahamendrehan'i Ali (a.s) dia tena betsaka tokoa: Voalohany amin'izany dia ny fanendren'i Allah sy ilay Irany Azy (a.s).

Faharoa, dia Izy no tena manam-pahaizana tanteraka amin'ireo swahaba. Fa hoy indrindra ilay Irak'i Allah niteny nanao hoe: أَقْضَاكُمْ عليٌّ "**Ny tena mahay mitsara aminareo dia i Ali**." Ary nilaza i Omar Ibn Khatwab hoe: أَقْضَانَا عليّ "**Ny tena mahay eo aminay dia i Ali**"[31] Ary niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe :

اَنَا مَدِينَةُ الْعِلْمِ وَعَلِيٌّ بَابُهَا فَمَنْ أَرَادَ الْمَدِينَةَ وَالْحِكْمَةَ فَلْيَأْتِ الْبَابَ "**Izaho no tanànan'ny fahalalana ary i Ali no vavahadiny koa izay mitady ny tanàna sy ny fahendrena dia tongava eo amin'ilay vavahady**"[32]. Ary i Ali (a.s) ny tenany mihitsy dia nilaza nanao hoe:

عَلَّمَنِي رَسُولُ اللهِ أَلْفَ بَابٍ مِنَ العِلْمِ يَفْتَحُ لِي مِنْ كُلِّ بَابٍ أَلْفَ بَابٍ

"**Nampianatra ahy ilay Irak'i Allah karazam-pahalalana arivo ka isaky ny karazam-pahalalana iray dia misakatra amiko ny kaarzam-pahalalana arivo.**"[33]

Koa mazava ho azy, fa izay manam-pahaizana no mialohan'izay bado araka ny tenin'i Alah manao hoe:

قُلْ هَلْ يَسْتَوِي الَّذِينَ يَعْلَمُونَ وَالَّذِينَ لا يَعْلَمُونَ إِنَّمَا يَتَذَكَّرُ أُوْلُوا الأَلْبَابِ

---

[31] صحيح البخاري في تفسير قوله تعالى ما ننسخ آية ... و طبقات ابن سعد ج 6 ص 102 ولاستيعاب ج 1 ص 8 و ج 2 ص 461 وحلية الأولياء ج 1 ص 65 وغيره من عشرات المصادر.

[32] مستدرك الحاكم ج 3 ص 126 و تاريخ بغداد ج 4 ص 348 وأسد الغابة ج 4 ص 22 وكنز العمال ج 6 ص 152 و تهذيب لابن حجر ص 320 ج 6 و غيره.

[33] نهج البلاغة

“**Lazao hoe: mitovy ve ireo izay mahalala sy ireo izay tsy mahalala? Tena marina fa izay manan-tsaina ihany no mahatakatra izany.**”[34]

Fahatelo manarak’izany, i Ali (a.s) dia tsy miantehitra na amin’iza na amin’iza kanefa ny hafa ankoatr’Azy dia mila Azy. Moa ve tsy efa nolazain’i Abou Bakr hoe:

أَقِيلُونِي فَلَسْتُ بِخَيْرِكُمْ وَعَلِيٌّ فِيكُمْ “**Avelaonareo aho fa tsy izaho no tsara ho anareo raha i Ali no mbola eo aminareo.**”[35] Ary tsy efa nolazain’i Omar ihany koa imbetsaka mihoatra ny im-pitopolo amin’ny toerana samihafa ny hoe: لَوْ لَا عَلِيٌّ لَهَلَكَ عُمَرُ “**Raha tsy i Ali dia rendrika i Omar**”[36]. Ary niteny koa i Omar hoe :

وَلَا أَبْقَانِي اللهُ لِمُعَضِلَةٍ لَسْتَ فِيهَا يَا أَبَا الحَسَن “**Ary tsy navelan’i Allah amiko ny fahasarotana lehibe iray raha tsy Ianao no mamaha izany ô ry Rain’i Hassan!**”[37].

Ary mbola niteny koa izy hoe : لَا يَفْتِيَنَّ أَحَدَكُمْ فِي المَسْجِدِ وَعَلِيٌّ حَاضِرٌ “**Tsy mahazo mamoaka fatwa ny iray aminareo na iza na iza ao amin’ny Moske raha mbola manatrika ao i Ali**.”

Fahefatra, i Ali (a.s) dia mbola tsy nanao fahotana mihitsy no sady tsy nanompo Andriamanitra hafa ankoatr’i Allah, ary koa tsy niankohoka tamin’ireo sampy nandritra ny fiainany manontolo, fa ireo anankitelo ireo kosa dia efa nanohitra an’i Allah sy nanompo ankoatr’i Allah ary nanompo sampy; kanefa i Allah ao amin’ny bokiny masina dia efa nilaza nanao hoe: قَالَ لا يَنَالُ عَهْدِي الظَّالِمِينَ “**Hoy Izy hoe: ny fampanantenako dia tsy ho azon’ireo mpanao**

---

[34] Sourat al-Zoumar 9

[35] ذَكَرَ الْحَدِيثُ القَوْ شَجِي العَالِمُ السُّنِّيُ فِي كِتَابِهِ شَرْحِ التَّجْرِيدِ، وَ غَيْرِهِ...

[36]الحاكم في المستدرك كتاب الصلاة ج 1 ص 358، والاستيعاب ج 3 ص 39 ومناقب الخوارزمي ص 48 و تذكرة السبط ص 87 وتفسير النيسابوري في سورة الاحقاف وغيره.

[37]تذكرة السبط ص 87 ومناقب الخوارزمي ص 60 وفيض القدير ج 4 ص 357

**tsy rariny**."[38] Ary mazava ho azy fa ny mpanao fahotana dia mpanao tsy rariny, noho izany dia tsy manana ny fahamendrehana izy ny hahazo ny fampanantenan'i Allah, izany hoe ny Noubouwwah sy ny Khilàfah na ny faminaniana sy ny fitondrana aorian'ilay Mpaminany.

Fahadimy, i Ali (a.s) dia olona manana fieritreretana tsara sy ny saina matsilo ary hevitra marina izay mifototra amin'ny finoana islam kanefa ny hafa ankoatr'Azy dia manana hevitra marary mifototra avy amin'ny satana, fa hoy indrindra i Abou Bakr izy tenany nilaza hoe: انَّ لِيَ شَيْطَاناً يَعْتَرِينِي "**Tena marina izaho dia manana satana mandrebireby ahy**."

## Omar Ibn al-Khattab mifanohi-kevitra amin'ny islam

Ary i Omar dia tena nanohitra an'ilay Irak'i Allah amin'ny toerana maromaro, fa i Othman kosa dia olona malemy ara-kevitra ka nahatonga azy nitia kokoa ireo tandapany na dia olon-dratsy aza tahaka an'i al-Wazakh Ibn al-Wazakh "*Antsasatra zanak'Antsasatra*" izay nozon'ilay Irak'i Allah hatramin'ireo taranany avy amin'ny lamosiny rehetra afa-tsy ny mpino vitsivitsy fa ny tena anarany dia i Marwan Ibn Al-hakam; sy i Ka'anb Al-ahbar ilay jiosy sy ny hafa ankoatr'azy roa ireo. »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina va fa i Abou Bakr dia nilaza ny tenany fa manana satana mandrebireby azy? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Izany dia voasoratra ao amin'ireo boky mikasika ireo hadith.[39] »

---

[38] Sourat al-Baqarah 124

[39] طبقات ابن سعد ج 3 القسم 1 ص 129 و تاريخ ابن جرير ج 2 ص 440 والامامة والسياسة لابن قتيبة ص 6 و غيره.

Niteny ilay mpanjaka nanao hoe: « Moa ve marina fa i Omar dia nanohitra an'ilay Irak'i Allah? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Isika mangataka fanazavana amin'ilay 'Alawi mikasika izany! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Eny, efa voalazan'ireo manampahaizana sounnah ao amin'ireo boky marim-pototra fa i Omar dia namalivaly an'ilay Irak'i Allah amin'ny trangan-javatra maromaro sy nanohitra Azy tamin'ny toerana maromaro, anisan'izany:

1- Tamin'ny fotoana, ilay Mpaminany (s.a.w) mila hanao vavaka ho an'ny maty amin'i Abdoullah Ibn Oubaiy dia nanohitra an'ilay Irak'i Allah i Omar amin'ny famaliana tena mafy sy manafitohina ka nahatonga an'ilay Irak'i Allah tohina taminy, kanefa i Allah dia nilaza nanao hoe: وَالَّذِينَ يُؤْذُونَ رَسُولَ اللَّهِ لَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ "**Fa ireo izay manome alahelo an'ilay Irak'i Allah kosa dia miandry azy ireo ny sazy mamirifiry.**"[40]

2- Tamin'ny fotoana, ilay Mpaminany (s.a.w) nandidy fa azo sarahina ny عُمْرَةُ التَّمَتُّعِ sy ny حَجُّ التَّمَتُّعِ ary nanome alalana fa azon'ny lehilahy atao ny miaraka amin'ny vadiny eo anelanelan'ilay Oumrah sy ilay Hadj, ka tamin'izany dia nanohitra Azy i Omar no sady niteny izany fiteny tena maharikoriko izany nanao hoe: أَ نُحْرِمُ وَ مَذَاكِيرُنَا تَقْطُرُ مَنِيّاً "**Isika ve manao lamban'ny Ihràm kanefa ny mahalehilahinay dia mitete ranon'aina?**" Ary namaly azy ilay Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: إِنَّكَ لَا تُؤْمِنُ بِهَذَا أَبَداً "**Tena marina fa ianao dia tsy hino izany mihitsy.**" Koa amin'izany fomba fiteny izany ilay Mpaminany dia nampahafantatra fa izy (i Omar) dia anisan'ny mino ny sasany no sady mitsipaka ny sasany.

[40] Sorat al-Tawbah 9 :61

3- Mikasika ny fanaovana "mout'aen" amin'ny vehivavy izay tsy ninoany mihitsy koa nony tonga tamin'ny fitondrana izay fitondrana nalainy ankeriny izy dia nilaza tamin'ny ilay teniny manao hoe: مُتْعَتَانِ كَانَتَا عَلَى عَهْدِ رَسُولِ اللهِ وَأَنَا أُحَرِّمُهُمَا وَأُعَاقِبُ عَلَيْهِمَا "**Fanaovana mout'aen anankiroa dia nisy tamin'ny vanim-potoan'ilay Irak'i Allah fa izaho dia mandrara sy manome sazy amin'ny fanaovana an'izany**."

Kanefa i Allah dia miteny ao amin'ny Qour'an masina manao hoe: فَمَا اسْتَمْتَعْتُمْ بِهِ مِنْهُنَّ فَآتُوهُنَّ أُجُورَهُنَّ فَرِيضَةً "**Koa raha nahavita ny fanaovana mout'aen tamin'izy ireny ianareo dia atolory azy ny vodiondrin'izy ireny fa efa voadidy izany**."[41]. Ireo manam-pahaizana amin'ny tafsir dia nilaza fa io andininy io dia nidina ho fanomezan-dalana amin'ny fanaovana mout'aen ary ireo silamo dia nanao izany hatramin'ny fitondran'i Omar; koa rehefa avy nandrara izany i Omar vao tena nihanitombo ny fanaovana finjangajangana teo amin'ireo samy silamo.[42] Koa amin'izany fihetsika izany i Omar dia nanidy ny lalànan'i Allah sy ny sori-dàlan'ilay Irak'i Allah ary naparitaka ny fijangajangana sy ny vetaveta! Ary dia voarakotra ao amin'ilay andininy izay milaza manao hoe: وَمَنْ لَمْ يَحْكُمْ بِمَا أَنزَلَ اللَّهُ فَأُوْلَئِكَ هُمْ الْكَافِرُونَ "**Fa ireo izay tsy mitsara araka izay nanmpidinin'i Allah dia izy ireny indrindra no tsy mpino**"[43], sy ilay andininy izay milaza manao hoe: وَمَنْ لَمْ يَحْكُمْ بِمَا أَنزَلَ اللَّهُ فَأُوْلَئِكَ هُمْ الظَّالِمُونَ "**Ary na iza na iza tsy**

[41] Sourat al-Nisàe 4 :24

[42] عَنِ الاِمَامِ عَلِيٍّ (ع) اَنَّهُ قَالَ: لَوْ لَا أَنَّ عُمَرَ نَهَى النَّاسَ عَنِ المُتْعَةِ مَا زَنَى اِلَّا شَقِيٌّ. "Raha tsy i Omar no nanakana ny olona amin'ny fanaovana moutaen dia tsy nisy nijangajanga afa-tsy izay tsy valahara."

[43] Sourat al-Mà'idah 5 :45

**mitsara araka izay nampidinin'i Allah dia izy ireny no mpanao ny tsy rariny**."[44]), ary koa ilay andininy milaza hoe:
وَمَنْ لَمْ يَحْكُمْ بِمَا أَنزَلَ اللَّهُ فَأُوْلَئِكَ هُمُ الْفَاسِقُونَ "**Fa ireo izay tsy mitsara araka izay nampidinin'i Allah dia ratsy fitondratena tokoa izy ireny**."[45]

4- Tamin'ny fifanarahana teo amin'ny Mpaminany sy ireo mpanompo sampy izay antsoina hoe صُلْحُ الحُدَيْبِيَّة araka ny efa voalazantsika teo aloha, sy ny hafa amin'ireo trangan-javatra nandalo izay nasahian'i Omar nitsangana nanohitra an'ilay Mpaminany ka nanome alahelo Azy noho ilay fitenenan-dratsy teo anatrehany. »

## Mikasika ny fanambadiana manam-petra na Mout'aen

Tamin'izany dia niteny ilay mpanjaka nanao hoe: « Tena marina fa izaho koa dia tsy faly amin'izany fanaovana mout'aen amin'ny vehivavy izany! »

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Fa ianao indray ve miaiky fa izy io dia lalànan'ny islam sa tsia? »

Namaly ilay mpanjaka hoe: « Tsia, izaho dia tsy miaiky izany! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Koa inona àry no dikan'ilay andininy izay manambara manao hoe:

فَمَا اسْتَمْتَعْتُمْ بِهِ مِنْهُنَّ فَآتُوهُنَّ أُجُورَهُنَّ فَرِيضَةً ؟

Ary inona koa no dikan'ny tenin'i Omar ilay khalifa nanao hoe:

مُتْعَتَانِ كَانَتَا عَلَى عَهْدِ رَسُولِ اللهِ وَأَنَا أُحَرِّمُهُمَا وَأُعَاقِبُ عَلَيْهِمَا ؟

[44] Sourat al-Mà'idah 5 :46
[45] Sourat al-Mà'idah 5 :47

Moa ve izany tenin'i Omar izany dia tsy manondro fa nisy tamin'ny vanim-potoan'ilay Irak'i Allah sy tamin'ny fitondran'i Abou Bakr ary tamin'ny tapatapan'ny fitondran'i Omar ny mout'aen fa avy eo izy vao nanakana izany?

Ho fanampin'izany dia ireo porofo rehetra izay tena betsaka tokoa r'ilay mpanjaka dia nanambara fa i Omar dia anisan'ny nanao ny fanambadiana mout'aen tamin'ireo vehivavy, ary i Abdoullah Ibn Zoubayr dia zanaka azo avy tamin'ny mout'aen. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Inona r'ilay minisitra no azonao hambara amin'izany? »

Namaly ilay minisitra nanao hoe: « Ny porofo omen'ilay 'Alawi dia mitombona sy marina fa kosa noho i Omar izay nandrara izany dia lasa wadjib amintsika ny manaraka azy. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Moa ve i Allah sy ilay Irany no mendrika arahina sa i Omar? Moa ve r'ilay minisitra ianao tsy namaky ilay tenin'i Allah manao hoe:

وَمَا آتَاكُمْ الرَّسُولُ فَخُذُوهُ وَمَا نَهَاكُمْ عَنْهُ فَانْتَهُوا "**Raiso izay omen'ilay Iraka ho anareo fa avelao kosa izay andrarany anareo.**"[46] sy ny hoe وَأَطِيعُوا الرَّسُولَ "**Ary ankatoavinareo ilay Iraka**" sy ny hoe : لَقَدْ كَانَ لَكُمْ فِي رَسُولِ اللَّهِ أُسْوَةٌ "**Tena manana ohatra fakantahaka tsara tokoa ianareo amin'ilay Irak'i Allah**."[47] Ary moa ve ianao tsy namaky ihany koa ilay hadith malaza izay milaza manao hoe : حَلَالُ مُحَمَّدٍ حَلَالٌ إِلَى يَوْمِ الْقِيَامَةِ وَحَرَامُ مُحَمَّدٍ حَرَامٌ إِلَى يَوْمِ الْقِيَامَةِ "**Ny halàl tamin'i Mouhammad dia mbola halàl hatramin'ny andron'ny Fitsanganana ary ny haràm tamin'i Mouhammad dia mbola haràm hatramin'ny andron'ny Fitsanganana.**"? »

[46] Sourat al-Hashr 59 :7
[47] Sourat al-Ahzàb 33 :21

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Tena marina fa izaho dia mino ny lalànan'ny islam rehetra fa kosa tsy mazava amiko ny antony mikasika ny lalànan'ny mout'aen, koa moa ve tian'iray aminareo no mitia manome ny zanany vavy na anabaviny mba hatao mout'aen adiny iray fotsiny, ary izany ve dia tsy maharikoriko? »

Namaly ilay 'Alawi nanao hoe: « Koa ahoana ny hevitrao ry mpanjaka? Moa ve tian'ny olona ny mampanambady ny zanany vavy na anabaviny amin'ny fanambadiana maharitra amin'ny lehilahy iray kanefa fantany tsara fa hisaraka aminy ihany aorian'ny fotoana fohy nahazoany fahafinaretana taminy? »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Tsia, izaho dia tsy mitia an'izany! »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Kanefa ireo manam-pahaizana dia miaiky fa izany fanambadiana maharitra izany dia ara-dalàna ary ny fisarahana aorian'izany dia ara-dalàna koa? Noho izany, dia tsy misy ny mahasamihafa an'izany eo amin'ny fanambadiana mout'aen sy ny maharitra raha tsy hoe ilay mout'aen dia tapitra amin'ny alalan'ny fe-potoana izay nifanarahana ary ilay fanambadiana maharitra dia mifarana amin'ny alalan'ny fanomezana twalàq. Amin'ny fomba fiteny hafa, ny fanambadiana mout'aen, ohatra dia mitovitovy amin'ny zavatra nindramina fa ny maharitra kosa dia tahaka ny zavatra efa ananana, koa ny zavatra nindramina dia tapitra amin'ny alalan'ny fe-potoana nifanarahana; fa ny zavatra efa ananana kosa dia tapitra amin'ny alalan'ny famoratana azy.

Noho izany, ny lalànan'ny mout'aen dia lalàna salama tsara sy ara-dalàna satria izy io dia fanatanterahana ny filàna iray amin'ireo filàna maromaro ilain'ny vatan'ny olombelona, tahaka izany koa ny lalànan'ny fanambadiana maharitra izay mifarana amin'ny alalan'ny twalàq dia salama tsara sy ara-dalàna satria manatanteraka ihany koa ny filàna iray amin'ireo filàna maromaro ilain'ny vatana.

Ankoatr'izany ry mpanjaka hajaina, dia manontany anao aho hoe: ahoana ny hevitrao amin'ireo vehivavy maty vady izay tsy misy mampaka-bady azy ireo nefa izy ireo dia maro tokoa, ka moa ve tsy vahaolana amin'izany ny fanaovana mout'aen mba hiaro azy ireo amin'ny fijangajagana sy ny vetaveta?

Moa ve tsy amin'ny alalan'ny fanambadiana mout'aen no hahatonga azy ireo hahazo harena kely hameloman'izy ireo ny zanak'izy ireo izay kamboty?

Ary ahoana no hevitrao amin'ireo tanora sy lehilahy lehibe izay ny fari-piainan'izy ireo dia tsy afahan'izy ireo miditra amin'ny fanambadiana maharitra, koa moa ve tsy amin'ny alalan'ny mout'aen no vahaolana iray ho azy ireo mba hiadivan'izy ireo amin'ilay faniriana ara-nofo izay miredareda amin'ny tenan'izy ireo? Sy ho fiarovan-tenan'izy ireo amin'ny fijangajangana sy ny vetaveta?

Moa ve ny fanambadiana mout'aen dia tsy tsara noho ny fijangajangana sy noho ny firaisan'ireo mitovy fananahana sy noho ny fakana fahafinaretana amin'ny tenany ihany?

Izaho dia tena mino ry mpanjaka fa ny haratsian'ny fijangajangana sy ny firaisan'ireo mitovy fananahana sy ny fakana fahafinaretana amin'ny tenany ihany eo amin'ny olombelona, dia avy amin'i Omar no nahatonga izany ary izy dia mikambana fahotana amin'izy ireo satria nosakanany sy norarany ny fanaovana mout'aen!

Ary efa voaray amin'ny hadith maromaro fa mihamitombo ny finjangajangana eo amin'ny olona (silamo) nanomboka tamin'ny fanakanan'i Omar ny mout'aen. Ary efa nandalo vao vetivety teo ny hadith voaray avy tamin'ny Imàm Ali (a.s) izay nilaza nanao hoe: "**Raha tsy i Omar no nanakana ny olona amin'ny fanaovana mout'aen dia tsy nisy nijangajanga afa-tsy izay tsy valahara**."

Fa ilay teninao ry mpanjaka izay milaza manao hoe: "***Izaho tsy mitia izany …***" , dia lazaiko aminao marina fa ny finoana islam dia tsy manao antery na amin'iza na amin'iza ny fanaovana fanambadiana mout'aen, sahala amin'ny tsy hanereny anao hampanambady ny zanakao vavy amin'ny fanambadiana maharitra izay hisy fisarahana ihany aorian'ny fotoana fohy. Ny fanampin'izany, dia mazava ho azy fa ny tsy fitiavanao ry mpanjaka hajaina sy ny tsy fitiavan'ny olona rehetra ny zavatra iray dia tsy porofo amin'ny maha-haràm an'izany zavatra izany; koa ny lalànan'i Allah dia efa tafapetraka amin'ny maha-izy azy ka tsy azo ovaina amin'ny alalan'ny sitrapo na fomba fijerin'olombelona. »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ilay minisitra hoe: « Tena mantanjaka izany porofon'ilay 'Alawi amin'ny fahazoan-dàlana manao mout'aen izany. »

Hoy ilay minisitra hoe: « Fa ireo manam-pahaizana dia nanaraka ny hevitr'i Omar. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Voalohany, izay nanaraka ny hevitr'i Omar dia ireo manam-pahaizana sounnah fotsiny fa tsy ny manam-pahaizana rehetra.

Faharoa, manontany anao aho hoe: moa ve ny lalànan'i Allah sy ilay Irany no mendrika arahina sa ny tenin'i Omar?

Fahatelo, ireo manam-pahaizanareo ireo ihany no nanohitra tanteraka an'io tenin'i Omar sy lalànany io. »

Niteny ilay minisitra hoe: « Amin'ny fomba ahoana? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Satria i Omar dia nilaza fa "**Ny fanaovana moutaen anankiroa dia nisy tamin'ny vanim-potoan'ilay Irak'i Allah fa izaho dia mandrara sy manome sazy amin'ny fanaovana an'izany, dia ny mout'aen mikasika ny hadj sy ny mikasika ny vehivavy**", koa raha toa ka marina sady ara-dalàna io tenin'i Omar io dia nahoana ireo manam-pahaizanareo no tsy nanaraka ny heviny amin'ilay mout'aen mikasika ny hadj satria

ireo manam-pahaizanareo dia nanohitra azy ka niteny nanao hoe : **Ny mout'aen mikasika ny hadj dia ara-dalàna kanefa noraran'i Omar?**

Fa kosa raha tsy marina no sady tsy ara-dalàna io tenin'i Omar io dia nahoana ireo manam-pahaizanareo no nanaraka ny heviny sy nanarak'azy amin'ny tsy fanaovana ny mout'aen mikasika ny vehivavy? »

Tamin'izay dia 'ngina tsy nahateny ilay minisitra.

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ireo nanatrika rehetra nanao hoe: « Nahoana ianareo no tsy mamaly an'ilay 'Alawi? »

Niteny ny anankiray tamin'ireo manam-pahaizana shianh izay antsoina hoe cheikh Hassan al-Qàssimï nanao hoe: « Ny fitsikerana dia miverina amin'i Omar sy ireo mpanarak'azy, noho izany r'ilay mpanjaka dia tsy manan-kavaly izy ireo mikasika ny fitsikerana nataon'ilay 'Alawi lehibenay (enga anie harovan'i Allah izy). »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Noho izany dia avelaonareo ity resaka ity fa miresaha lohahevitra hafa. »

## Mikasika ny fandresana an'ady azon'i Omar

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Ireto shian ireto dia mahita fa i Omar dia tsy manam-bohinahitra na dia kely mihitsy aza; kanefa tena marina dia ampy ho voninahiny ireny fandresena an'ady maromaro azony (tamin'ny vanim-potoana nitondrany) ireny. »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Izahay dia manana teny maromaro hamaliana izany:

Voalohany, tena marina fa ireo mpitondra sy ireo mpanjaka dia manababo ny tanàna mba hamelarana ny faritany sy fanjakan'izy ireo, koa moa ve izany dia antsoina hoe voninahitra?

Faharoa, raha ekentsika fa ny fandersena azony dia voninahitra, fa kosa moa ve ireo fandresena ireo dia mahafa-tsiny azy tamin'ny fakany ankeriny an'ilay khilàfah, kanefa ilay Irak'i Allah dia tsy nametraka ny khilàfah ho azy fa nomeny tamin'i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s)… fa raha ianao izao r'ilay mpanjaka, no nanendry olona handimby ny fanjakanao, avy eo dia tonga ny olona iray hafa naka taminy ankeriny izany fitondrana izany ka nipetraka tamin'ny toerany, avy eo izy dia nahababo tany maromaro sy nanao soa, koa moa ve ianao dia ho faly amin'ireo fandresena azony sa ho tezitra aminy, noho izy nampiala ny olona izay notendrenao ho mpandimby anao sy nipetraka amin'ny toeranao tsy tamin'ny alalan'ny baikonao? »

Namaly ilay mpanjaka hoe: « Tena tezitra aminy mihitsy aho, ary ireo fandresena maro azony ireo dia tsy havoafafa ny fahadisoany. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ary dia torak'izany koa i Omar, naka ankeriny ny fitondrana sy nipetraka amin'ny toeran'ilay Iraka tsy tamin'ny alalan'ny baiko avy Aminy!

Fahatelo, ireny fandresena azon'i Omar ireny dia fandresena diso ary ny vokatr'izany dia tsy nahitana tombontsoa akory, fa vao mainka nivadika, satria ilay Iraky ny finoana islam (s.a.w) tamin'ny vanim-potoanany dia tsy nanafika na iza na iza fa kosa Izy dia nanao fiarovantena fotsiny, noho izany dia betsaka ny olona nanam-pitiavana ny islam ka maro no niditra tamin'ny finoan'i Allah, satria tsapan'izy ireo fa ny finoana islam dia finoana ara-pihavanana sy fandriam-pahalemana. Nefa i Omar kosa dia nanafika ireo tanàna ka nampiditra azy ireo tamin'ny finoana islam tamin'ny alalan'ny sabatra sy fanerena. Ary izany no nahatonga ny olona nankahala sy nanome tsiny ny finoana islam nohon'ny fahitan'izy ireo fa ny islam dia finoan'ny sabatra sy herisetra fa tsy finoan'ny lojika sy fandriam-pahalemana; ka nahatonga ny finoana islam nanana

fahavalo maro, arak'izany, ny fandresena azon'i Omar dia nanome endrika ratsy ny finoana islam no sady nanome vokatra tsy misy tombontsoa!

Fa raha ny khilàfah no tsy nalain'i Abou Bakr sy i Omar sy i Othmàn ankeriny tamin'ny Imàm Ali (a.s) izay tompony ara-dalàna dia inty farany no nitondra avy hatrany taorian'ilay Iraka (s.a.w), ary nitondra tahaka ny fitondran'ilay Iraka Izy no sady nanaraka ny sori-dàlany sy nampihatra ny fombany araka ny tena izy. Ary izany dia tsy maintsy hitarika ny olona maro hiditra amin'ny finoana islam, koa amin'izay fotoana izay dia hivelatra ny faritanin'ny islam ka hiparitaka maneran-tany!

Fa kosa لَا حَوْلَ وَلَا قُوَّةَ إِلَّا بِاللهِ العَلِيِّ العَظِيمِ tsy misy hery sy tanjaka afa-tsy amin'ny alalan'i Allah Ilay Avo sy Ilay Be Voninahitra. »

Tamin'izay, ilay 'Alawi dia tena nisento tamin'ny fisentoana lalina nanao hoe: **aah!** No sady nitehaka tamin'ny tànany roa nohon'ny alahelony tamin'ny zavatra nitranga amin'ny finoana islam taorian'ny fahafatesan'ilay Irak'i Allah (s.a.w) nohon'ny fakana ankeriny an'ilay fitondrana tamin'ireo tompony ara-dalàna, dia ny Imàm Ali (a.s).

## Mikasika ny fandresana an'ady azon'i Ali (a.s)

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ilay Abbàsi nanao hoe: « Inona no valiteninao amin'izany tenin'ilay 'Alawi izany? »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Tena marina dia tsy mbola naheno teny tahak'izany aho teo aloha! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ankehitriny ianao dia efa naheno izany teny izany ary efa mazava aminao ny fahamarinana koa dia avelao any ireo khalifa arahinao ireo ary manaraha ilay khalifa ara-dalàna an'ilay Irak'i Allah, dia i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s). »

Avy eo nanohy ny teniny ilay ‘Alawi nanao hoe: « Gaga aho aminareo ry Ahlo sounnah! Ianareo dia manadino sy mamela an’ilay fototra ary mitazona ilay rantsana! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Amin’ny fomba ahoana izany? »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Satria ianareo dia mahatsiaro ny fandresen’i Omar fa manadino ny fandresen’i Ali Ibn Abi Twalib (a.s). »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Aiza avy izany fandresen’i Ali Ibn Abi Twàlib izany? »

Niteny ilay ‘Alawi hoe: « Ireo fandresen’ilay Iraka dia tanteraka tamin’ny alalan’ny tanjak’i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s), ohatra amin’izany dia ny fandresena tamin’i Badr sy i Ouhoud, i Khandak, i Hounayn sy ireo hafa … Ary raha tsy ireo fandresena ireo, izay tena marina ireo fanderesena ireo no vato fehizoron’ny ny finoana islam, dia tsy mba nisy an’izany Omar izany, ary tsy nisy koa ny islam sy ny fananam-pinoana (Imàn). Ny porofon’izany dia ilay Mpaminany (s.a.w) izay nilaza, rehefa i Ali (a.s) no niatrik’ady tamin’i Amrou Ibn Abd Woud tamin’ny adin’i Ahzab na adin’i Khandak, nanao hoe:

بَرَزَ الإِيمَانُ كُلُّهُ إِلَى الشِّرْكِ كُلِّهِ، إِلَهِي إِنْ شِئْتَ أَنْ لَا تُعبَدْ فَلَا تُعبَدْ

“**Miharihary ny fananam-pinoana rehetra eo anatrehan’ny fanompoan-tsampy rehetra, Andriamanitro, raha sitrakao ny tsy hotompoina dia tsy hotompoina Ianao**”, izany hoe, raha novonoina ny Imàm Ali (a.s) dia sahin’ireo mpanompo sampy ny famonoana ahy sy ny famonoana ireo silamo rehetra, ka tsy hisy tavela intsony aorian’izany eo amin’ny islam sy ny fananam-pinoana (imàn). Niteny ihany Izy (s.a.w) hoe:

ضَرْبَةُ عَلِيٍّ يَوْمَ الْخَنْدَقِ أَفْضَلُ مِنْ عِبَادَةِ الثَّقَلَيْنِ “**Ny kapok’i Ali tamin’ny andron’i Khandak dia tsara lavitra mihoatra ny**

**fanompoan'ny jiny sy ny olombelona**"[48] Koa mitombona ny filazantsika fa ny finoana islam dia i Mouhammad no nampisy azy fa i Ali no nampaharitra azy, ary ny voninahitra dia ho an'i Allah sy i Ali amin'ny faharetan'ny finoana islam! »

## Ny voalaza mikasika an'i Abou Bakr sy i Khalid Ibn al-Walid

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Raha ekena fa diso sy naka ankeriny ny fitondrana i Omar sy nanova ary namadika, dia nahoana indray ianareo no mankahala an'i Abou Bakr? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Izahay dia mankahala azy nohon'ny antony maromaro, fa anankiroa ihany no ambarako anareo eto:

Voalohany, dia ny zavatra nataony tamin'i Fàtimah al-Zahrà (a.s) izay zanakavavin'ilay Irak'i Allah sy lehiben'ireo vehivavy maneran-tany.

Faharoa, dia ny tsy fanomezany sazy an'ilay mpanao meloka izay nijangajanga, dia i Khalid Ibn al-Walid izany. »

Niteny ilay mpanjaka no sady gaga nanao hoe: « Moa ve i Khalid Ibn al-Walid dia mpanao meloka? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Eny! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Inona àry no heloka nataony? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ny heloka nataony dia izao: i Abou Bakr dia nandefa azy nankany amin'ny swahaba manan-kaja antsoina heo Màlik Ibn Nouwaïrah, (izay nambaran'ilay Irak'i Allah fa izy dia anisan'ny olon'ny Paradisa, araka ny hadith voalazan'ireo sounnah); ka nobaikon'i Abou Bakr izy mba hamono an'i Màlik sy

---

[48]- الفخر الرازي في نهاية العقول ص 104، مستدرك الحاكم ج 3 ص 32، تاريخ بغداد ج 3 ص19، الذهبي في تلخيص المستدرك ج 3 ص 32، أرجح المطالب ص 48

ny vahoakany; tamin’izany fotoana izany i Màlik dia nonina tany ivelan’i Madina.

Rehefa nahita an’i Khalid miaraka amin’ireo miaramilany nanatona azy, i Màlik dia naniraka an’ireo vahoakany mba hiomana amin’ny fitiaovam-piadiana ka nankato izany ireo vahoaka ireo. Fa nony tonga teo amin’izy ireo i Khalid dia nanao hafetsena sy nandainga tamin’izy ireo ary nifanta tamin’i Allah fa izy dia tsy manam-pikasana ratsy amin’izy ireo, no sady niteny nanao hoe: “*Tonga izahay tsy hiady fa kosa hovahininareo amin’ity alina ity*.” Noho izy nifanta tamin’i Allah dia natoky izany teniny izany i Malik ka namela ny fitaovam-piadiana izy sy ireo vahoakany, fa rehefa tonga ny fotoam-pivavahana dia nitsangana i Malik sy ny vahoakany nanao fivavahan-a nefa tamin’izany indrindra no nanararaotin’i Khalid ny nanafika azy ireo tao anatin’ny fivavahana ka nosamborin’izy ireo i Malik sy nofatorana tamin’ny tady izy sy ny vahoakany ary avy eo dia novonoin’i Khalid tsirairay izy ireo.

Avy eo koa dia nanana fanarian-dratsy tamin’i vadin’i Malik izy rehefa nahita an’ilay vehivavy fa tsara tarehy ka dia novetavetainy tamin’io alina namonoany ny vadiny io ihany. Ary napetrany ny lohan’i Malik sy ny vahoakany tao amin’ny efitrano fonenany. Avy eo dia nahandro sakafon’ny fijangajangana tao amin’io efitra io izy ireo ary dia nisakafo an’izany izy sy ireo miaramilany. Rehefa niverina tao Madina i Khalid, noho izy namono ireo silamo ireo dia te hanasazy azy i Omar Ibn Khattab sy te hampihatra aminy ny sazin’ny fametavetana tamin’ny vadin’i Malik, nefa i Abou Bakr (izay lazaina fa mpino lehibe!) no tena nanakana an’izany mafy ary amin’ny alalan’izany fihetsika nataon’i Abou Bakr izany dia tahaka ny latsaka fahantany ny ràn’ireo silamo ireo, ka navelany tsy nampiharina ny lalàna iray amin’ireo lalànan’i Allah. »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ilay minisitra hoe: « Moa ve marina izany zavatra resahin'ilay 'Alawi mikasika an'i Khalid sy Abou Bakr izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, tahak'izany no voalazan'ireo mpahay tantara! »[49]

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana ny olona sasany no miantso an'i Khalid hoe: سَيْفُ اللهِ المَسْلُولِ "*sabatr'i Allah mirangaranga*"? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ny tena marina izy dia "*sabatra malemin'ny satana*"[50]; fa noho izy tena fahavalon'i Ali Ibn Twàlib, no sady anisan'ny niaraka tamin'i Omar tamin'ny fampirehetana ny afo teo anatrehan'ny varavaran'ny tranon'i Fàtima al-Zahra (a.s), dia izany no niantsoan'ireo olona sasany amin'ireo sounnah fa izy dia "*sabatr'i Allah mirangaranga*". »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Angaha ireo sounnah dia fahavalon'i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s)? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Raha tsy fahavalony izy ireo dia naninona izy ireo no midera an'izay naka ankeriny ny zony? Sy miray tsikombakomba amin'ireo fahavalony sy mandà ny voninahiny sy ny lazany hatramin'izy ireo tonga amin'ny fankahalana sy fialonana Azy ka nahatonga azy ireo nahasahy nilaza fa maty tsy mpino i Abou Twàlib (rainy). Kanefa ny tena marina i Abou Twàlib dia tena mpino sady izy no nanavotra ny finoana islam tamin'ny fotoan-tsarotra sy niaro an'ilay Mpaminany (s.a.w) tamin'ny finoana izay nentiny! »

---

[49] منهم: أبو الفداء في تاريخه ج 1 ص 158 و الطبري في تاريخه ج 3 ص 241 وابن الأثير في تاريخه ج 3 ص 149 وابن عساكر في تاريخه ج 5 ص 105 وابن كثير في تاريخه ج 6 ص 321 وغيرهم.

[50] سيف الشيطان المشلول

## **Ny fankahalan'ireo mpanoratra tantara an'ireo mpino silamo telo voalohany**

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Moa ve niditra silamo i Abou Twàlib? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Abou Twàlib dia tsy mba olona kàfir ka mila miditra silamo fa izy dia efa mpino saingy nanafina ny finoany, fa rehefa nirahin'i Allah ilay Mpaminany dia nahariharin'i Abou Twàlib teo anatrehan'ilay Mpaminany ny mahasilamo azy ary izy no olona fahatelo amin'ny islam, voalohany i Ali Ibn Twàlib, faharoa dia andriambavy Khadija ilay vadin'ny Mpaminany ary ny fahatelo dia izy, i Abou Twàlib (a.s). »

Niteny ilay mpanjaka tamin'ilay minisitra hoe: « Moa ve marina ny tenin'ilay 'Alawi mikasika an'i Abou Twàlib? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny, sahala amin'izany no voalazan'ireo mpanoratra tantara[51].»

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana no malaza amin'ireo sounnah fa maty tsy mpino i Abou Twàlib? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Satria i Abou Twàlib dia rain'ny Imàm Ali (a.s), ka nifankahalan'ireo sounnah an'i Ali Ibn Twàlib no nahatonga azy ireo niteny fa i Abou Twàlib dia maty tsy mpino; tahaka izany koa, fa nohon'ny fankahalan'izy ireo an'i Ali no namonoan'izy ireo an'i Hassan sy Houssein izay olon-droa lehiben'ireo tanora ao am-Paradisa, hatramin'ny fahasahian'ireo sounnah namono an'i Houssein tao Karbala niteny nanao hoe: "**Izahay dia miady aminao nohon'ny fankahalanay ny rainao sy**

---

[51]-الحاكم في المستدرك ج 2 ص 623 وشرح ابن أبي الحديد ج 3 ص 313 و تاريخ ابن كثير ج 3 ص 87 وشرح البخاري للقسطلاني ج 2 ص 227 و السيرة الحلبية ج 1 ص 125 و غيرها من عشرات الكتب.

**izay nataony tamin'ireo razambenay tamin'ny adin'i Badr sy Hounaïne**."[52] »

Niteny ilay mpanjaka tamin'ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina fa nolazain'ireo namono an'ny Imàm Houssein izany teny izany? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Voalazan'ireo mpanoratra ny tantara fa izy ireo dia nilaza izany teny izany tamin'ny Imàm Houssein. »

Niteny ilay mpanjaka tamin'ilay Abbàs hoe: « Inona no valiteninao amin'ilay tantara mikasika an'i Khalid Ibn Walid? »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Tena marina fa i Abou Bakr dia nanao izay mahasoa tamin'izany! »

Niteny ilay 'Alawi (tamim-pahagagana) nanao hoe: « Soubhan'Allah! Inona no mahasoa amin'ny fanirahana an'i Khalid mba hamono ny olona madio tsy manan-tsiny sy hijangajanga amin'ny vadin'izy ireo, avy eo dia avela izy tsy hotsaraina no sady tsy hosaziana, fa vao mainka nomena ny fitarihana an'ireo miaramila, ary i Abou Bakr dia nilaza momba azy nanao hoe: "*Izy dia sabatr'i Allah mirangaranga*", ka ny fanontaniana mipetraka dia izao: Moa ve ny sabatr'i Allah dia mamono ny kàfir sa ny mpino? Ary moa ve ny sabatr'i Allah dia miaro ny fianakaviana ireharehan'ny islam sa mametaveta azy ireo? »

Niteny ilay Abbàsi nanao hoe: « Raha heverina r'ilay 'Alawi fa diso i Abou Bakr dia i Omar no nahatsapa izany raharaha izany. »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ny fahatsapana ny raharaha dia ny manasazy an'i Khalid nohon'ny fijangajangany sy ny mamono azy nohon'ny famonoany an'ireo mpino tsy manan-tsiny; kanefa tsy

[52] Miverana ao amin'ny Younàbi'ou al-Mawwadah izay namarinin'ny sayeda Ali Ashraf v.3 p.80

nanao izany i Omar. Noho izany i Omar dia nanao fahadisoana sahala amin'ny fahadisoana nataon'i Abou Bakr teo aloha! »

## Fàtwimah al-Zahrà (a.s) sy ireo khalifa telolahy

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Ianao teo r'ilay 'Alawi tamin'ny fiandohan'ny resakao dia niteny fa i Abou Bakr dia nanao ratsy tamin'i Fàtwimah al-Zahra zanakavavin'ilay Irak'i Allah (s.a.w), ka inona izany haratsiana nataony tamin'i Fàtwimah izany? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Abou Bakr taorian'izy nampanao fanekem-pankatoavana ho an'ny tenany an'ireo olona tamin'ny alalan'ny fampihorohoroana sy sabatra sy fampitahorana ary herisetra dia nirahiny i Omar sy i Qounfoudh sy i Khalid Ibn al-Walid sy i Abou 'Obaïdah al-Djarràh sy ireo olon-kafa (avy amin'ireo mpitsaravelatsihy) nankany amin'ny tranon'i Ali sy i Fàtwimah (a.s), ary nanangona kitay i Omar teo am-baravaran'ny tranon'i Fàtwimah (izany moa dia ilay varavarana izay matetika itsanganan'ilay Irak'i Allah ka itenenany manao hoe: السلام عليكم يا أهل بيت النبوة "*Fiadanana anie ho aminareo ry olon'ny tranon'ny Faminaniana*", ary Izy dia tsy miditra ao raha tsy aorian'ny fahazoan-dàlana), ka napirehetin'i Omar afo teo anatrehan'ny varavarana; fa nony tonga teo ambadiky ny varavarana i Fàtwimah mba hanakana an'i Omar sy ny forongony dia natosik'i Omar teo anelanelan'ilay varavarana sy ny rindrina Izy tamin'ny fanosehana mafy ka nahalatsa-jaza tao an-kibony, ary nitsatohana fantsika teo amin'ny tratrany ka nitaraina mafy i Fàtwimah, niteny nanao hoe:

يَا أَبَتَاهُ يَا رَسُولَ اللهِ أُنْظُرْ مَاذَا لَقَيْنَا بَعْدَكَ مِنْ ابْنِ الخَطَّابِ وَابْنِ أَبِي قُحَافَةَ!

"**Ô ry Raiko, ry Irak'i Allah! Jereo izao zavatra mahazo anay aorianao ataon'ny zanak'i al-Khattwàb sy ny zanak'i Abou**

**Qouhàfah!**” Koa dia nitodika tamin’ireo niara-dia taminy i Omar sady niteny hoe: “**Kapohinareo i Fàtwimah**”, ary dia nanomboka nikapoka an’ilay malalan’ilay Irak’i Allah sy ilay singa avy Aminy izy ireo hatramin’ny nivoahan-drà tamin’ny vatany!!
Ary mbola tavela teo amin’i Fàtwimah (a.s) ny fiantraikan’izany fanosehana Azy tamin’ilay varavarana sy fikapohana mangidy izany, ary dia nanimba fahasalamany izany ka lasa narary lava Izy sy nalahelo foana mandra-pialany aina tsy ela akory taorian’ny andro vitsivitsy nahalasanan’ny Rainy (s.a.w). Noho izany i Fàtwimah (a.s) dia maritioran’ilay tranon’ny Faminaniana, i Fàtwimah dia novonoina nohon’ny antony avy amin’i Omar Ibn Khattwàb. »

Niteny ilay mpanjaka tamin’ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve izany resak’ilay ‘Alawi izany dia marina? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny fa izaho dia nahita tao amin’ireo tantara izany resak’ilay ‘Alawi izany. »[53]

Niteny ilay ‘Alawi hoe: « Ary izany no antony mahatonga ny shianh mankahala an’i Abou Bakr sy i Omar! »

Ary nanampy ny teniny ilay ‘Alawi nanao hoe: « Ary ny manambara fa izany heloka izany dia nataon’i Abou Bakr sy i Omar marina dia ireo mpanoratra tantara no nilaza fa i Fàtwimah dia maty tao anatin’ny hatezerana an’i Abou Bakr sy i Omar. Ilay Irak’i Allah anefa dia efa nanambara ao amin’ireo hadith maromaro nanao hoe: انَّ اللهَ يَرْضَى لِرِضَا فَاطِمَةَ وَيَغْضَبُ لِغَضِبِهَا “**Tena marina fa i Allah dia faly amin’ny fifalian’i Fàtwimah sy tezitra amin’ny hatezerany.**” Ary ianao, ô ry mpanjaka dia mahafantatra manao ahoana no fiafaran’izay notezeran’i Allah?! »

[53] كتاب السقيفة لأبي بكر الجوهري والإمامة والسياسة لابن قتيبة وابن أبي الحديد في شرح نهج البلاغة ج 2 ص 19.

Niteny ilay mpanjaka (nitodika tamin'ilay minisitra) nanao hoe: « Moa ve marina io hadith io? Ary moa ve marina fa i Fàtwimah dia maty ary Izy dia tezitra tamin'i Abou Bakr? »

Niteny ilay minisitra hoe: « Eny, efa niresaka izany tokoa ireo mpanoratra hadith sy mpanoratra ny tantara[54]. »

Niteny ilay 'Alawi hoe : « Ary ny fanamafisana ny mahamarina ny teniko, ry mpanjaka dia i Fàtwimah izay nametraka hafatra tamin'i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) mba tsy hanehoany amin'i Abou Bakr sy i Omar sy ireo rehetra nanageja Azy, ny vatany mangatsiaka, ka tsy ilaina ny fanaovan'izy ireo fivavahana Aminy, no sady tsy mahazo mandeha mandevina Azy, ary naniraka an'i Ali Izy (a.s) mba hanafina ny toerana handevenana Azy mba tsy hahatongavan'izy ireo amin'ny fasany, avy eo dia notanterahin'i Ali (a.s) ireo hafatra napetrany ireo. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Izany dia tena zavatra mahagaga! Moa ve izany zavatra izany dia nitranga tamin'i Ali sy i Fàtwimah? »

Niteny ilay minisitra hoe: « Sahala amin'izany no voalazan'ireo mpanoratra ny tantara. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ary efa nampijalian'i Abou Bakr sy i Omar i Fàtwimah tamin'ny fampijaliana hafa ankoatr'izany. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Inona izany fampijaliana izany? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Izy roa ireo dia naka ankeriny ihany koa ny fananany izay antsoina hoe Fadak. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Inona no porofo manambara fa izy roa ireo dia naka ankeriny izany Fadak izany. »

---

[54] صحيح البخري كتاب الخُمْسِ الحديث رقم 2 وفيه في باب غزوة خيبر وكتاب الفرائض، وصحيح الترمذي ج 1 باب ما جاء من تركة رسول الله و الإمامة والسياسة و مستدرك الصحيحين ج 3 ص 153 و ميزان الاعتدال ج 2 ص 72 و كنز العمال ج 6 ص 219 و غيرهم.

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Ny tantara no nanambara fa ilay Irak’i Allah (s.a.w) no nanome an’ilay Fadak[55] an’i Fàtwimah, ka noho izany ilay Fadak dia fananan’i Fàtwimah al-Zahra tamin’ny vanimpotoan’ilay Irak’i Allah, fa nony nodimandry inty farany (s.a.w) dia nadefasan’i Abou Bakr sy i Omar olona mba handroaka an’ireo mpiasan’i Fàtwimah tao amin’ilay Fadak tamin’ny alalan’ny fampihorohoroana sy sabatra ary heritsetra. Ary nanazava tamin’ny alalan’ny porofo tsy azo lavina i Fàtwimah fa saingy tsy te halala an’izany izy roa, ary vao mainka aza nibodo ny fananany, ka izany no nahatonga Azy tsy niresaka tamin’izy ireo intsony mandra-pahafatiny nohon’ny hatezerany tamin’izy roa! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Fa i Omar Ibn Abdoul-Anziz dia namerina an’ilay Fadak tamin’ireo taranak’i Fàtwimah (a.s) tamin’ny vanim-potoana nanjakany. »

Niteny ilay ‘Alawi hoe: « Inona àry no tombontsoan’izany? Raha ny olona iray nangalatra na naka ankeriny ny tranonao sy nandroaka anao tamin’izany, avy eo tonga olona iray hafa taorian’ny fahafatesanao tompon-trano namerina an’ilay trano tamin’ireo taranakao, moa ve izany dia mamafa ny helok’ilay voalohany izay naka ankeriny an’ilay trano? »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Efa miharihary araka ny resakareo roa ry Abbasi sy ‘Alawi fa ianareo rehetra dia samy manaiky amin’ny fisian’ny fakana ankeriny nataon’i Abou Bakr sy i Omar tamin’ilay Fadak. »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Eny, fa efa voalazan’ireo mpanoratra tantara izany![56] »

---

[55] Ilay Fadak dia anarana tany eo anelanelan’i Madina sy Khaïbar, ary izy io dia fananan’ilay Iraka (s.a.w) fa nomeny an’ilay zanany vavy, i Fàtwimah al-Zahra (a.s)

[56] الهيثمي في مجمعه ج 9 ص 39 والإمامة والسياسة وشرح نهج البلاغة لابن أبي الحديد وغيرهم.

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa nahoana izy roalahy no nanao izany? »

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Satria izy roa dia te haka ankeriny an’ilay fitondrana ary hain’izy roa tsara fa raha mipetraka eo am-pelatànan’i Fàtwimah ilay Fadak dia tsy maintsy hanome sy hizarazara maimaim-poana an’ireo vokatra avy amin’io Fadak io Izy izay hahatratra hatramin’ny120.000 dinars volamena (araka ny voalazan’ny mpanoratra tantara sasany). Ary rehefa tanteraka izany dia hitodika amin’i Ali sy hitia Azy ny olona, nefa izany indrindra no tsy tian’i Abou Bakr sy i Omar. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Raha marina izany resaka izany dia mahagaga ny mikasika azy ireo! Koa raha tsy ara-dalàna ny fitondran’izy telo ireo dia iza àry no khalifa nandimby an’ilay Iraka (s.a.w)? »

## Ireo khalifa miisa roa ambin’ny folo

Niteny ilay ‘Alawi hoe: « Ny tenan’ilay Iraka (s.a.w) mihitsy no efa nanendry araka ny baikon’i Allah an’ireo olona mpandimby Azy avy aoriany; araka ny hadith izay voalaza ao amin’ireo bokin’ny sounnah mikasika ny hadith fa ny Mpaminany (s.a.w) dia niteny manao hoe:

“الْخُلَفَاءُ بَعْدِي اثْنَا عَشَرَ بِعَدَدِ نُقَبَاءِ بَنِي إِسْرَائِيلَ وَ كُلُّهُمْ مِنْ قُرَيْشٍ **Ireo khalifa avy aoriako dia roa ambin’ny folo mitovy amin’ny isan’ireo andriana amin’ny taranak’Isaràely ary izy rehetra ireo dia avy amin’ny Qouraïsh**.” »

Niteny ilay mpanjaka tamin’ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina fa niteny izany ilay Iraka? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Iza avy izy roa ambin’ny folo ireo? »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Ny efa fantatra amin'izy ireo dia efatra ka ireto avy: i Abou Bakr sy i Omar sy Onthmàn ary i Ali. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa iza no sisa ambiny? »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Misy fifanoherana amin'ireo sisa ambiny eo amin'ireo manam-pahaizana. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Tanisao izy ireo! »

Dia nangina ilay Abbàsi fa tsy nanana teny havaly.

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Ry mpanjaka hajaina! Ankehitriny aho dia hitanisa azy ireo ho anao araka ny anaran'Izy ireo izay voasoratra mihitsy ao amin'ny bokin'ireo sounnah. Ireto avy Izy ireo: i Ali, i Hassan, i Houssein, i Ali, i Mouhammad, i Dja'far, i Moussà, i Ali, i Mouhammad, i Ali, i Hassan, ary i Mahdi (a.s)[57]. »

## Ilay Mahdi (a.s) izay andrasana

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Henoy ry mpanjaka: ireo shian dia milaza fa ilay Mahdi dia velona eto an-tany hatramin'ny taona 255 H. ka moa ve izany mba eken'ny saina? Ary milaza ihany izy ireo fa izy dia hiseho amin'ny fotoana mialohan'ny andro farany mba hameno ny tany ny rariny aorian'izy feno tsindrihazolena sy haratsiana. »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin'ilay 'Alawi nanao hoe: « Marina ve fa manana finoana toy izany ianareo? »

[57] Efa misy hadith roapolo no voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) manondro ny anaran'ireo Imàm roa ambin'ny folo ireo avy amin'ireo bokin'ny sounna, anisan'izany dia ny فرائد السمطين ج 4 sy ny تذكرة ابن الجوزي ص 378 sy ny ينابيع المودة ص 442 sy ny مقتل الحسين لأبي المؤيد sy ny الأربعين للحافظ أبو محمد بن أبي الفوارس sy ny منهاج الفاضلين ص 239 sy ny درر السمطين sy ny hafa ankoatra an'ireo.

Namaly ilay ‘Alawi hoe: « Eny, marina izany, satria ilay Iraka (a.s) dia niteny izany, ary nitantara izany ireo mpandray hadith avy amin’ny shianh sy ny sounnah. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Ary amin’ny fomba ahoana ny olona no mbola velona foana mandritra ny fotoana lava be tahak’izany? »

Namaly ilay ‘Alawi nanao hoe: « Ankehitriny dia tsy mbola ampy taona arivo[58] ny taona niainan’i Mahdi. Kanefa i Allah dia miresaka ao amin’ny Qour’an mikasika an’i Nouh ilay Mpaminany nanao hoe: فَلَبِثَ فِيهِمْ أَلْفَ سَنَةٍ إِلاَّ خَمْسِينَ عَاماً “**Ka nipetraka Izy niaraka tamin’izy ireo nandritra ny arivo latsaka dimampolo taona**.”[59] Koa moa ve tsy vitan’i Allah ny mametraka ny olona ho velona mandritra an’io fotoana io? Moa ve tsy eo am-pelatànan’i Allah ny fahafatesana sy ny fahavelomana ary Izy no mahavita ny zava-drehetra? Sady ilay Iraka (s.a.w) dia efa nanambara izany ary Izy dia olo-marina tsy mba mandainga. »

Niteny ilay mpanjaka nitodika tamin’ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina fa ilay Iraka dia efa nanambara mikasika an’ilay Mahdi, arak’io voalazan’ilay ‘Alawi io? »

Namaly ilay minisitra hoe: « Eny![60] »

Niteny ilay mpanjaka tamin’ilay Abbàsi nanao hoe: « Ary nahoana ianao no mandà ny zavatra marina izay voasoratra ao amin’ny bokintsika sounnah? »

---

[58] Eny, izany taona voalaza izany dia araka ny taona nanaovana an’io ady hevitra io fa ankehitriny isika izao dia efa amin’ny taona 1442H, noho izany ny taona masina niainan’ny Imàm Mahdi (a.s) dia mbola eo ho eo amin’ny 1187 taona eo.

[59] Sourat al-An’kaboute 29 : 14

[60] Ireo loharanomboky dia betsaka fa anisan’izany dia ireto avy:

الملاحم و الفتن الباب 19، عقد الدرر الحديث 26، ينابيع المودة ص 491، تذكرة الخواص الباب 6، حلية الأولياء، ارجح المطالب ص 378، ذخائر العقبى للشافعي و غيرهم.

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Nohon'ny fahatahorako ny fananam-pinoan'ireo olo-tsotra sao dia mihozongozona ka hivadika hanaraka ny shianh izy ireo! »

Niteny ilay 'Alawi nanao hoe: « Arak'izany, ianareo r'ilay Abbàsi, dia anisan'ireo tian'i Allah holazaina amin'ny teniny manao hoe:

إِنَّ الَّذِينَ يَكْتُمُونَ مَا أَنزَلْنَا مِنْ الْبَيِّنَاتِ وَالْهُدَى مِنْ بَعْدِ مَا بَيَّنَّاهُ لِلنَّاسِ فِي الْكِتَابِ أُوْلَئِكَ يَلْعَنُهُمْ اللَّهُ وَيَلْعَنُهُمْ اللاَّعِنُونَ

"**Marina dia marina fa ireo izay manafina ny nampidininay amin'ireo fanazavana sy ny tari-dàlana taorian'ny efa nanazavanay izany ho an'ny olombelona tao amin'ilay boky dia izy ireo indrindra no iharan'ny ozon'i Allah sy ny ozon'ireo mpanozona**."[61] Koa efa mahavoa anao izany ilay ozon'i Allah … »

Avy eo dia nilaza ilay 'Alawi nanao hoe: « R'ilay mpanjaka, anontanio amin'ity Abbàsi ity hoe: moa ve ny adidin'ny olona manam-pahaizana ny miaro ny bokin'i Allah sy ny tenin'ilay Irak'i Allah sa ny adidiny dia ny miaro ny finoan'ny olo-tsotra izay tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny bokin'i Allah sy ny tari-dàlan'ilay Irak'i Allah? »

[61] Sourat al Baqarah 2: 159

## Ny fiparitahan'ny بِدْعَة "bid'aen" teo amin'ireo silamo

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Tena marina izaho dia miaro ny finoan'ireo olo-tsotra ireo mba tsy hivadi-pinoana hanaraka an'ireo shianh satria ireo shianh ireo dia olon'ny بِدْعَة "bid'aen". »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Hamafisina fa ireo boky izay ekena dia mitantara amintsika fa ilay mpitarikareo i Omar no voalohany nanao "bid'aen" ao amin'ny finoana islam, ary izy tenany mihitsy no nanambara izany rehefa niteny izy nanao hoe:

نِعْمَةِ البِدْعَةِ هَذِهِ

"**Ny famoronana tsara dia ity**"

Ary izany dia mikasika ny tantaran'ny صَلَاةُ التَّرَاوِيحِ swalàt al-taràwïh, tamin'izy nibaiko nandritra ny volana Ramadan mba hanaovan'ny olona swalàt moustahab hatao miaraka (Djamà'anh) nefa i Allah sy ilay Irany dia nanao haràm ny fanaovana swalàt moustahab hatao miaraka toy izany; koa noho izany iaraha-mahalala fa izany "bid'aen" nataon'i Omar izany dia mifanohitra tanteraka amin'ilay baikon'i Allah sy ilay Irany.[62]

Fanampin'izany, dia moa ve tsy efa "bid'aen" hafa ihany koa nataon'i Omar izay nanala an'ilay حَيَّ عَلَى خَيْرِ العَمَلِ ao amin'ilay azhàn no sady nanampy tamin'ny alalan'ny teny hoe:

---

[62] صحيح البخاري باب صلاة التراويح، والصواعق، Ary niteny i Qastwalàni ao amin'ny boky ارشاد الساري في شرح صحيح البخاري ج 5 ص 4 rehefa izy tonga amin'ilay tenin'i Omar manao hoe نِعْمَةِ البِدْعَةِ هَذِهِ : nantsoiny ho bid'aen izany satria ilay Irak'i Allah dia tsy nanao sori-dàlana ho azy ireo izany sady tsy nisy izany tamin'ny vanim-potoanan'i Abou Bakr na tamin'ny alina voalohany na izany isa izany. Koa hoy aho hoe : eny, fa ilay khalifa an'ireo silamo (!) dia nampiditra ny famoronana ao amin'ilay finoana -ka arahabaina izany-

الصَّلَاةُ خَيْرٌ مِنَ النَّوْمِ ao amin'ilay azhàn amin'ny fadjr?![63]

Moa ve tsy efa nanao "bid'aen" ihany koa i Omar tamin'ny fanafoanana ny anjaran'ny zakàt ho an'ireo olona الْمُؤَلَّفَةُ قُلُوبُهُم izay mbola tambatambazana ny fon'izy ireo (mba hanatsara ny fananampinoan'izy ireo), ary izany dia fanoherana an'i Allah sy ilay Irany?!

Moa ve tsy efa nanao "bid'aen" ihany koa izy tamin'ny fanafoanana ny fanaovana mout'aen amin'ny hadj, izay manohitra an'i Allah sy ilay Irany (s.a.w) ?!

Moa ve tsy efa nanao "bid'aen" izy tamin'ny fanafoanany ny fanaovana mout'aen amin'ny vehivavy?!

Moa ve tsy efa nanao "bid'aen" izy tamin'ny fanafoanany ny sazy ho an'ilay mpanao meloka sy ilay mpijangajanga, dia i Khalid Ibn Walid, izay manohitra ny baikon'i Allah sy ilay Irany amin'ny maha-tsy maintsy hanasaziana izay nijangajnaga sy namono olona an-tsitrapo?! Sy ny hafa ankoatr'ireo "bid'aen" misy amin'ireo sounnah mpanaradia an'i Omar. Koa moa ve ianareo no mpanao "bid'aen" sa izahay shianh? »

---

[63] Nilaza ny manam-pahaizana iray antsoina hoe القوشجي ary izy io dia anisan'ny manam-pahaizana lehibe ao amin'ny sounna, nanao hoe: i Omar dia nilaza nanao hoe: ny zavatra telo dia nisy tamin'ny vanim-potoan'ilay Irak'i Allah fa izaho dia mandrara sy manao haram izany no sady manasazy amin'izany, dia ny fanaovana mout'aen amin'ny vehivavy sy ny fanaovana mout'aen amin'ny hadj sy ny fitenenana ny حَيَّ عَلَى خَيْرِ العَمَلِ. Niteny ny imam Màlik ao amin'ny bokiny الموطأ nanao hoe: ilay mpanao azhàn tonga tamin'i Omar Ibn Khattwàb mba hanao azhàn ho azy ho an'ny swalàt fadjr fa saingy mbola natory izy tamin'izany, ka niteny ilay mpanao azhàn nanao hoe: الصَّلَاةُ خَيْرٌ مِنَ النَّوْمِ koa tamin'izany indrindra i Omar dia nanome baiko azy mba hanao izany fehezanteny izany isaky ny azhan amin'ny fadjr! Koa eto isika miteny manao hoe: raha mba fantatro moa ve azon'i Omar atao ny manampy sy manaisotra araka ny sitrapony izay raharaha anankiray amin'ireo raharahan'ny finoana !?!

Niteny ilay mpanajaka tamin'ilay minisitra nanao hoe: « Moa ve marina ny voalazan'ilay 'Alawi amin'ireo bid'aen nataon'i Omar ao amin'ny finoana ireo? »

Namaly ilay minisitra nanao hoe: « Eny, misy sasany amin'ireo manam-pahaizana no nilaza izany ao amin'ny bokin'izy ireo. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Koa amin'ny fomba ahoana isika no manaraka ny olona izay namorona ao amin'ilay finoana? »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Noho izany dia haràm ny manaraka ny olona tahak'izany, satria ilay Irak'i Allah dia nilaza nanao hoe: كُلُّ بِدْعَةٍ ضَلَالَةٌ وَكُلُّ ضَلَالَةٍ فِي النَّارِ "**Ny famoronana rehetra dia fahaverezana ary ny fahaverezana rehetra dia ao amin'ny Afobe**." Koa noho izany, dia izay rehetra manaraka an'i Omar amin'io famoranana na bid'aen nataony io (kanefa izy ireo dia mahafantatra izany) dia olon'ny Afobe tanteraka.

Niteny ilay Abbàsi nanao hoe: « Fa ireo mpitarika mazh'hab ireo dia efa nankasitraka ny fihetsik'i Omar. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ary izany dia famoronana hafa koa ô ry mpanjaka! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Satria nahoana izany? »

Niteny ilay 'Alawi hoe:

« Satria ireto mpitarika mazh'hab ireto, (tsy iza izany fa i Abou Hanïfah أبو حنيفة sy i Màlik Ibn Anas مالك بن أنس sy i Shàfa'iy الشافعي ary i Ahmad Ibn Hanba أحمد بن حنبل ) dia tsy niaina tamin'ny vanim-potoan'ny Mpaminany (s.a.w) fa izy ireo dia tonga teo ho eo amin'ny roan-jato taona taoriany, (ka ny fanontaniana tena tsara fipetraka eto dia izao): moa ve ny silamo izay niaina teo anelanelan'ny nahalasanan'ny Mpaminany sy nahatongavan'ireto olona ireto, dia tao anatin'ny fahaverezana sy lainga?Ary inona moa ny fanamarinan-tena izay entin'izy ireo mametra fa tsy maintsy izy

efatra ireo no arahina ka tsy mahazo manaraka ny manam-pahaizana hafa ankoatr'izy ireo? Moa ve ny Mpaminany no nanafatra izany? Moa ve efa lany ny ranomainty hanoratan'ireo manam-pahaizana ka tsy nisy nahavita nikaroka mba ho lasa manam-pahaizana tahak'azy ireo na mihoatr'azy ireo hatramin'izao vanim-potoana iainantsika efa ho an'arivo taonany mahery izao? »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Inona no hambaranao amin'izany r'ilay Abbàsi? »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Izy ireo no tena manam-pahaizana mihoatra ny hafa! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Koa moa ve ny fahalalan'ireo manam-pahaizana dia ritra afa-tsy ny an'izy ireo ihany? »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Ireo shianh ihany koa anie manaraka ny (mazh'hab) an'i Dja'afar Swàdiq (a.s). »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Marina tokoa fa izahay dia manaraka ny mazh'hab an'i Dja'afar satria ny Azy dia mazh'hab an'ilay Irak'i Allah, noho Izy anisan'ireo Ahloul-Bayt izay noderain'i Allah manao hoe:

إِنَّمَا يُرِيدُ اللَّهُ لِيُذْهِبَ عَنْكُمُ الرِّجْسَ أَهْلَ الْبَيْتِ وَيُطَهِّرَكُمْ تَطْهِيراً "**Marina tokoa fa i Allah dia mila manakana ny fahotana eo aminareo Aĥloul-baït ary manadio anareo tanteraka amin'ny fahadiovana masina**", fa ny tena marina izahay dia manaraka an'ireo Mpitarika rehetra roa ambin'ny folo, fa nohon'ny Imàm Swàdiq (a.s) nanam-potoana nanaparitaka ny fahalalana sy ny tafsir sy ireo hadith masina, bebe kokoa mihoatra an'ireo Imàm hafa, satria tamin'ny vanim-potoany Izy dia mba nanam-potoana nalalaka kely, ka nahatonga ny sekoliny nahavory mpianatra[64] miisa efatra arivo, mandra-pahavitàny namerina ny fampianarana islam amin'ny maha-izy azy taorian'ny fiezahan'ireo Bani Omayiah sy ireo Bani Abbàs

[64] الامام الصادق و المذاهب الاربعة، تاريخ بغداد، وغيرها.

nanafoana izany; no antony niantsoana ny mazh'hab shianh ho mazh'hab Dja'afaryiah ihany koa, izay nantsoina amin'ny anaran'ilay namerina ny fampianarana amin'ny maha-izy azy, dia ilay Imàm Dja'afar Swàdiq (a.s). »

Niteny ilay mpanajaka nanao hoe: « Koa inona no havalinao izany r'ilay Abbàssi? »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Ny fanaovana taqlid an'ireo mazh'hab efatra ireo no mahazatra anay sounnah. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Ny tena marina dia ny sasantsasany amin'ireo mpitondra no nanery anareo izany, ary ianareo dia nanaraka azy ireo amin'ny fanarahana an-jambany izay tsy anananareo porofo akory. »

Tamin'izany dia 'ngina tsy nahateny ilay Abbàsi.

## Izay maty tsy nahafantatra ny Imàm amin'ny vanim-potoany

Niteny ihany ilay 'Alawi hoe: « R'ilay mpanjaka, tena marina ny lazaiko aminao eto fa ilay Abbàsi raha toa ka maty amin'izany finoany izany dia anisan'ny ho ao amin'ny Afobe. »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Fa taiza no nahafantaranao fa izy dia anisan'ny ho ao amin'ny Afobe? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Satria voaray avy amin'ny hadith nolazain'ilay Irak'i Allah manao hoe:

مَنْ مَاتَ وَلَمْ يَعْرِفْ إِمَامَ زَمَانِهِ مَاتَ مِيتَةً جَاهِلِيَّةً "**Izay maty no sady tsy nahafantatra ny mpitarika tamin'ny vanim-potoany dia maty tahaka ny fatin'ny tsy mpino**." Koa anontanio ô ry mpanjaka, iza no mpitarika an'ilay Abbàsi amin'izao vanim-potoana izao? »

Niteny ilay Abbàsi nanao hoe: « Izany hadith izany dia tsy voaray avy tamin'ilay Irak'i Allah! »

Niteny ilay mpanjaka tamin'ilay minisitra hoe: « Moa ve izany hadith izany dia voaray avy tamin'ilay Irak'i Allah? »

Namaly ilay minisitra nanao hoe: « Eny, efa voalazany izany![65] »

Niteny an-katezerana ilay mpanjaka nanao hoe: « Heveriko fa ianao r'ilay Abbàsi dia olona azo hatokisana, fa ankehitriny dia miharihary amiko ny lainganao! »

Niteny ilay Abbàsi hoe: « Eny; izaho dia mahafantatra ny mpitarika ahy amin'ny vanim-potoanako. »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Fa iza izany? »

Namaly ilay Abbàsi hoe: « Dia ilay mpanjaka! »

Niteny ilay 'Alawi hoe: « Fantaro r'ilay mpanjaka fa mandainga izy io, ary tsy niteny izany izy afa-tsy ny mba mila handokadoka anao fotsiny! »

Niteny ilay mpanjaka hoe: « Eny, fantatro fa izy dia mandainga ary izaho dia mahalala ny tenako fa tsy mendrika ho mpitariky ny olona amin'izao vanim-potoana izao, satria izaho dia tsy mahay na inona na inona, ary ny ankabeazan'ny fotoanako dia nolaniako amin'ny fihazana sy ny raharahan'ny fanjakako. »

Avy eo dia niteny ilay mpanjaka nanao hoe: « Koa iza no Imàm, mpitarika amin'izao vanim-potoana izao araka ny fahitanao azy? »

Namaly ilay 'Alawi hoe: « Ny Imàm amin'izao vanim-potoana izao eo amin'ny fahitako sy ny finoako azy dia ilay Imàm Mahdi (a.s) araka ny hadith efa nolazaintsika teo aloha izay voaray avy tamin'ilay Irak'i Allah, koa izay mahafantatra an'izany Imàm izany dia maty ao anatin'ny finoana ary anisan'ny olon'ny Paradisa fa izay tsy mahafantatra Azy kosa dia maty ao anatin'ny habadoana

---

[65] المصادر: الحافظ النيسابوري في صحيحه ج 8 ص 107، ينابيع المودة ص 117، نفحات اللاموت ص 3، صحيح مسلم، وغيره.

ka hiditra ao anatin'ny Afobe miaraka amin'ireo olona niaina tao anatin'ny habadoana (tao anatin'ny tsy finoana)! »

## Famaranana an'ilay ady hevitra
## Sy fidiran'ilay mpanjaka sy ilay minisitra
## tao amin'ny finoana shianh

Ary teto dia nihanazava ny tarehin'ilay mpanjaka Shàh, sy niseho tamin'ny endriny ireo mari-pifaliana sy haravoana ary nitodika nankany amin'ireo nanatrika izy ka niteny nanao hoe:

« Aoka ho fantatrareo ry vahoaka manatrika eto fa efa tony sy matoky ny foko amin'ity ady hevitra ity (izay naharitra nandritra ny telo andro) ary fantatro no sady atokisako fa ny fahamarinana dia miaraka amin'ireo shianh eo amin'ny zavatra rehetra resahin'izy ireo sy inoan'izy ireo, fa ireo sounnah kosa dia diso ny antokom-pinoan'izy ireo ary mivaona ny finoan'izy ireo, koa izaho tena marina dia ho anisan'ireo izay rehefa mahita ny fahamarinana dia Mankato sy mankasitraka izany; fa izaho dia tsy mila miaraka amin'ireo izay diso eto an-tany sy ho olon'ny Afobe any ankoatra. Noho izany, tena marina izaho dia maneho ny maha-shianh ahy eo anatrehanareo koa izay mitia miaraka amiko dia aoka izy hanaraka ny shianh ao amin'ny Fahasoavan'i Allah sy ny Fifaliany ary hampiala ny tenany ao amin'ny haizin'ny fahadisoana mankany amin'ny fahazavan'ny fahamarinana! »

Fa niteny koa ilay minisitra, i Nidhàm al-Moulk nanao hoe: « Ary izaho dia efa nahay fa ny shianh no marina sy efa nahay fa ilay mazh'hab tokana marina dia ny mazh'hab shianh hatramin'izaho mbola nianatra, ka noho izany dia ambarako ampahibemaso ihany koa ny maha-shianh ahy. »

Koa tahak'izany no nidiran'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana sy ireo minisitra sy ireo manam-pahefana nanatrika tao

amin'ilay fivoriana (izay nahatratra eo ho eo amin'ny fitopolo no isan'izy ireo) tao amin'ny mazh'hab shianh.

Ary dia niparitaka ny vaovao mikasika ny fidiran'ilay mpanjaka sy i Nidham al-Moulk ilay minisitra sy ireo minisitra hafa sy ireo manam-pahefana sy ireo mpanoratra, nanerana ny tanàna, ary maro ireo olona no tafiditra tao amin'ny shianh, ka nanome baiko ilay minisitra, i Nidhàm al-Moulk (izy moa dia rafozako) mba hampianaran'ireo mpampianatra ny mikasika ny mazh'hab shianh tao amin'ireo sekoliny tao Baghdàd!

Fa kosa nisy ihany ireo manam-pahaizana sonna sasany izay niziriziry tamin'ny fahadisoan'ny mazh'hab narahin'izy ireo teo aloha ka manamarina ny tenin'Ilay Avo Indrindra izay milaza manao hoe: ثُمَّ قَسَتْ قُلُوبُكُمْ مِنْ بَعْدِ ذَلِكَ فَهِيَ كَالْحِجَارَةِ أَوْ أَشَدُّ قَسْوَةً "**Ary nanjary mafy fo ianareo taorian'izany ka azo ampitahaina amin'ny vato na mafimafy kokoa mihoatra izany**."[66]

Ary nanomboka nanangana fivoriana izy ireo mba hanoherana an'ilay mpanjaka sy ilay minisitra, i Nidhàm al-Moulk, izay nataon'izy ireo tompon'antoka tamin'io raharaha io, noho inty farany izay tompon-kevitra mpandrindra ny tanàna, hatramin'ny namonoan'izy ireo azy tamin'ny taona faha-12 Ramadhan 485H. Ary taorian'izany koa izy ireo dia namono an'ilay mpanjaka Shah Saldjouki.

Koa tsy misy azo hambara afa-tsy ilay andininy milaza hoe: إِنَّا لِلهِ وَ إِنَّا اِلَيْهِ رَاجِعُونِ "**Tena marina fa isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenana**." Izy roa ireo dia novonoina tao amin'ny làlan'i Allah sy nohon'ny fahamarinana sy fananam-pinoana (Imàn), koa dia ny fiadanana anie ho azy ireo sy ho an'izay rehetra novonoina amin'ny làlan'i Allah sy nohon'ny fahamarinana ary ny fananam-pinoana.

[66] Sourat al-Baqarah 2 :74

Hoy ilay mpanoratra an'ity ady hevitra ity nanao hoe: « Namorona tononkalo malahelohelo aho ho an'ny cheikh Nidham al-Moulk, koa anisan'izany ireto andalan-teny manaraka ireto:

"*Ilay minisitra Nidham al-Moulk dia perla*

*Izay sarobidy, ny lanjany dia famindrampo avy amin'ny voninahitra*

*Nanam-boninahitra izy fa ireo andro no tsy nahafantatra ny hasarobidiny*

*Ny hasarotam-piaro avy aminy no namerina azy any amin'ilay natiora*

*Nisafidy ny antokom-pinoana izay marina tao anatin'ny ady hevitra*

*Niseho ny fahamarinana tao anatin'ny porofo miharihary*

*Finoan'ny shianh no marina, tsy azo iadian-kevitra ny amin'izany*

*Ary ny ankoatr'azy dia aloka izay mamitaka*

*Fa kosa ny lolom-po lalim-paka no namporisika azy ireo nanao ratsy taminy*

*Ka ilay volana fenomanana tamin'ny alina dia lasa vaorakotry ny aloka*

*Ho aminy anie ny Fandriam-pahaleman'i Allah, an'arivony mifanarakaraka*

*Hirotsaka amin'ny fanahiny mandrakizay sy ao amin'ny toerana misy azy.*" »

Avy eo ilay mpanoratra an'ity boky ity dia niteny ihany koa:

« Izaho dia nanatrika ilay fivoriana sy ilay ady hevitra, ary noraiketiko avokoa ny zavatra rehetra noresahina tamin'izany fa kosa nesoriko izay teny tafahoatra, ka nofintiniko izany amin'ny alalan'ity boky nosoratako ity.

وَالْحَمْدُ لِلهِ وَحْدَهُ وَالصَّلَاةُ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ الأَطْيَابِ وَأَصْحَابِهِ الأَنْجَابِ.

Nosoratana ity boky ity tao Baghdad tao amin'ny madrassah an'ilay minisitra Nidhàm al-Moulk, ka ny nanoratra azy tamin'ny teny arabo dia i Mouqàtil Ibn Antwiyah. Ary nadikan'ny cheikh Salim Manrouf amin'ny teny malagasy ho an'ireo silamo mampiasa teny malagasy, izay tia mikaroka sy te hanaraka ny fahamarinana amin'izao vanim-potoana iainantsika izao; fa hoy indrindra i Allah manao hoe:

فَبَشِّرْ عِبَادِي الَّذِينَ يَسْتَمِعُونَ الْقَوْلَ فَيَتَّبِعُونَ أَحْسَنَهُ أُوْلَئِكَ الَّذِينَ هَدَاهُمْ اللَّهُ وَأُوْلَئِكَ هُمْ أُوْلُوا الأَلْبَابِ

"**Koa lazao amin'ireo mpanompoko, ireo izay mihaino ny teny, ka manaraka izay tsara indrindra amin'izany, dia izy ireo no tarihin'i Allah làlana, ary izy ireo no manan-tsaina.**"[67]

[67] Sourat al-Zoumar 39 :17-18

## Fanoroana pejy

Resaka nifanaovan'ilay mpanjaka sy ireo tandapany ................................6

Resaka nifanaovan'ilay mpanjaka sy ilay minisitra mikasika ny sounnah sy ny shianh .................................................................................7

Fivorian'ireo manam-pahaizana sounnah sy ireo shianh ..........................10

Ny ady hevitra mikasika an'ireo swahaba, sakaizan'ilay Mpaminany (s.a.w) ................................................................................12

Ny nanakambanana sy ny nanoratana ny Qour'an ..................................15

Ny ady hevitra mikasika ny Imàmah sy ny Khilàfah..................................17

Iza no milaza fa ny Qour'an dia nanam-piovana? ....................................20

Ady hevitra mikasika ny fahitana an'i Allah sy ireo Toetrany....................22

Ireo andininy manana hevitra mazava sy ireo manana hevitra mifangaro ................................................................................23

Ny fanerena sy ny fahalalahana ...........................................................25

Iza no milaza fa ilay Mpaminany (s.a.w) dia nisalasala tamin'ny faminaniany ? ........................................................................27

Tamin'iza no antony nidinan'ilay sourat 'Abasa ? ....................................30

Ny fiakaran'ireo khalifa telo voalohany teo amin'ny fitondrana...............32

Ny marina vitsivitsy mikasika an'i Othman Ibn 'Affan ...............................35

Ny hadith milaza fa "Olona folo no nampanantenaina hiditra ao am-Paradisa" .......................................................................................39

Moa ve ireo rehetra swahaba, sakaizan'ilay Iraka (s.a.w) dia olo-marina avokoa?..........................................................................................43

Ireo fahamendrehan'i Ali (a.s) ...............................................................46

Omar Ibn al-Khattab mifanohi-kevitra amin'ny islam ...............................49

Mikasika ny fanambadiana manam-petra na Mout’aen ..........................52
Mikasika ny fandresana an’ady azon’i Omar ...........................................57
Mikasika ny fandresana an’ady azon’i Ali (a.s) ........................................59
Ny voalaza mikasika an’i Abou Bakr sy i Khalid Ibn al-Walid ....................61
Ny fankahalan’ireo mpanoratra tantara an’ireo mpino silamo telo voalohany ..........................................................................................................64
Fàtwimah al-Zahrà (a.s) sy ireo khalifa telolahy ......................................66
Ireo khalifa miisa roa ambin’ny folo .........................................................70
Ilay Mahdi (a.s) izay andrasana ................................................................71
Ny fiparitahan’ny بِدْعَة “bid’aen” teo amin’ireo silamo ............................74
Izay maty tsy nahafantatra ny Imàm amin’ny vanim-potoany..................78
Famaranana an’ilay ady hevitra ..............................................................80
Fanoroana pejy .........................................................................................84



# FIVORIAN'IREO MANAM-PAHAIZANA TAO BAGHDAD




**Madrassat Dâroul-hikmah**